# *HENOY NY FEONY*

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Mino aho fa izao no voalazan'i Davida hoe, "Faly aho raha hoy izy ireo tamiko, ndao isika ho any an-tranon'ny Tompo." Misy zavatra fotsiny mikasika ny sekoly Alahady izay tsy ananan'ireo ampahany hafa an'ny fivoriana, amin'ny fotoana hafa rehetra mandritry ny andro. Vao nifoha tamin'ny alim-pialan-tsasatra tsara iray izahay, ary—ary mahatsiaro ho hafa fotsiny izahay, ary novelombelomina sy vonona ho an'ilay andro ianareo.

2 Ankehitriny dia azonay fa . . . Omaly hariva, nanontany ny—ny olona izahay raha nanana fiangonany izy ireo an'ny . . . izay natrehan'izy ireo, rehefa mamangy na—na . . . Ny tiako lazaina, dia ireo mpikambana mahazatra an'ny fiangonana, fa tokony hanatrika ny fiangonany manokana izy ireo izao maraina izao. Satria, amin'ny maha-iraisan'ny anaram-piangonana antsika, dia tsy tiantsika ny maka olona avy amin'ny fiangonany manokana.

3 Ary imbetsaka aho no voampanga ho—ho manameloka an'ireo fiangonana hafa. Diso izany. Tsy manameloka an'ireo fiangonana hafa aho. Manameloka aho, imbetsaka, an'ireo zavatra izay—izay leferin'izy ireo, fa tsy manameloka an'ilay fiangonana tokoa aho. Saingy, imbetsaka, rehefa mampianatra zavatra izay mifanohitra amin'ny Soratra izy ireo, amin'izay fotoana izay aho—manameloka an'izany aho. Ary avy eo rehefa manao zavatra izay manota izy ireo, ary—ary mamela an'izany hatao ao amin'ireo fiangonany, dia melohiko izany. Fa tsy mihitsy . . . Tahaka ny voalaza fotsiny . . . Manana sakaiza Katolika maro aho mipetraka eto, ary tsy manameloka ny olona Katolika mihitsy aho. Manameloka ny foto-pampianaran'ny fiangonana Katolika aho, satria tsy mino aho fa ara-tSoratra izany. Ary tsy manameloka azy ireo mihoatra noho ny anamelohako ny maro amin'ireo anaram-piangonana Protestanta aho, satria tena tsy mihevitra aho fa ara-tSoratra izany. Ary manana adidy aho hanohana an'izay Fahamarinana. Hitanareo? Fantatrareo, hankasitraka anareo Andriamanitra raha hahitsy fo ianareo, tso-po fotsiny.

4 Fantatrareo, matetika, ny lehilahy izay mitady vady, tena lehilahy izay manana lehilahy ao aoriany, tsy mitady tanteraka an'ilay zazavavy izay tena—tena tsara tarehy eo amin'ny tava izy, sy ny sisa. Fantany fa ho very izany, indray andro any. Hitanareo? Mitady an'ilay vehivavy izay vehivavy ao amin'ny maha-olona izy, tena vehivavy iray. Ary raha mahatoky izy, ary tena vehivavy iray, dia hankasitraka azy io lehilahy io. Tsy ahoako na impiry amin'ny—lehilahy ratsy iray izy, ary impiry no andehanany miaraka—miaraka amin'ny vehivavy ratsy; tsy misy lehilahy

ratsy eto amin'izao tontolo ka tsy hankasitraka vehivavy iray izay hanohana an'izay tokony haha-izy ny vehivavy marina tokoa. Marina izany. Satria, mankasitraka an'izany izy.

5 Ary tahaka an'izany ilay izy amin'ny—amin'ny fitoriana ny Teny, raha hijoro amin'izay inoany fotsiny ny lehilahy iray. Ankehitriny tsy . . . Tsarovy, fa fantatr'Andriamanitra ny fonareo. Ary raha mijoro amin'izay inoanareo marina tokoa ho ny Fahamarinana ianareo, amin'izay fotoana izay dia afaka manana finoana amin'izay resahanareo ianareo.

6 Manana sakaiza tsara vitsivitsy aho eto. Rahalahy Charlie Cox, mahita azy mipetraka etsy aho. Ary tamin'ny herinandro vitsivitsy farany, dia niaraka taminy tany Kentucky aho, nihaza vontsira, izay nahazoako fitsaharana iray. Rahalahy Banks Wood. Ary, ankehitriny, izahay, eo am-panitsiana ny basinay, izy ireo . . . Tsy maintsy manitsy ny ahy tanteraka mihitsy aho mba handentehany fantsika be loha any amin'ny dimampolo yards, raha tsy izany aho—tsy afaka hihaza fotsiny aho. Hitanareo? Izay ihany.

7 Eny, inona no soa hataony handentika fantsika be loha iray? Hitanareo? Satria, raha mitififitra an'ilay vontsira ianareo, ary mitififitra loha iray, ary ny lohany dia goavana tahaka an'*izao* angamba, na aiza na aiza ao anatin'ny vondrona inch iray dia ho mety tsara, hitanareo, na aiza na aiza ao. Na ny iray amin'ireo zazalahy ireo dia manao hoe, "Mety tsara izany. Voako ilay vontsira." Mandeha izy ireo ary maka an'ilay vontsira. Fa, amiko, tsy maintsy tonga tanteraka mihitsy ilay izy. Tsy maintsy mahavoa an'ilay fantsika be loha izy. Tsy afaka ho diso ny ampahefatry ny inch iray izy. Tsy maintsy mahavoa an'ilay fantsika be loha eo afovoany izy, raha tsy izany dia hikorontan-tsaina sy ho sorena fotsiny aho.

8 Ary nipetraka aho, indray andro, tany anaty ala, ka hoy aho hoe, "Tompo, nahoana—nahoana aho no tezitra iray tahaka an'izao? Nahoana no Nataonao ho tezitra iray tahaka an'izao aho?" Hoy aho, "Ankehitriny io . . . "

9 Nandeha nihaza niaraka tamin'ny basiny Rahalahy Banks, ary nakariny ilay izy mba hitififitra azy, niaraka tamin'ny solomaso fijerena. Ary ianareo fotsiny . . . Matetitetika, ianareo dia . . . ho lasa ny anankiray, satria raha ilay izy . . . Ny bala voafatratry ny orinasa dia hanao an'izany, na ahoana na ahoana, satria manana vanja bebe kokoa ianareo, ary vanja kely kokoa. Saingy mety hivily kely fotsiny izany, na inch iray na roa, hoy Rahalahy Banks hoe, "Oh, mety tsara izany, voako ilay vontsira. Mety tsara izany." Izany tsy—tsy manelingelina azy izany. Charlie, mitovy ihany. Fa izaho . . .

10 Ny ahy dia tsy maintsy mahavoa an'ilay fantsika be loha, eo afovoany mihitsy, raha tsy izany dia mahasorena ahy izany. Hoy aho hoe, "Lasa tezitra tsotra iray aho." Ary avy eo dia

manomboka mijery any aoriana aho, ary hitako fa tahaka an'izany ny fiainako. Izany no nanaovana ahy. Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, nahoana aho no Nataonao tahaka an'izany?" Manao ahy hikorontan-tsaina mihitsy aza izany raha—raha lasa miala kely any amin'*ity* làlana ity ilay izy na *ity* làlana ity. Ary tahaka an'izany no nanambaran'ny Tompo tamiko arak'izany, nipetraka tany, teo ambonin'i Glutton Hollow, izay hany nisy anay, nihaza. Izany, mino aho fa ilay izy dia antsoina hoe Dutton; fa, mihinana tena haingana ireo vontsira, ka izaho dia miantso azy hoe, "Glutton." Noho izany izy ireo . . .

11 Teo amin'io toerana io, dia nieritreritra aho hoe, "Izay ilay izy." Tsy ho nampianatra akory aho hoe misy helo iray raha tsy efa pozitifa ny amin'izany aho. Hitanareo? Ary noho izany raha ny Soratra no miteny mialoha ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ary *eto*, toa tahaka an'*ity* sy tahaka an'*itsy*; raha milaza ny Soratra iray hoe, "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," toy ny hoe misy Andriamanitra telo, ary *Eo* dia hitako fa misy Anankiray fotsiny ihany; ary ankehitriny ahoana no handehanako kisendrasendra fotsiny, momba ny an'ny lehilahy hafa iray, izay lazain'izy ireo mikasika an'Izany, handray azy tahaka an'izany? Raha miresaka ny amin'ny fifidianana mialoha sy ny fahasoavana ny Baiboly, ka *eto* dia resaka asa izany, ary *eto* dia resaka fahasoavana izany. Ary izaho—tsy afaka hitory azy tahaka an'izany fotsiny aho.

12 Tsy maintsy mamahavaha an'izany aho, ary amin'ny alàlan'ny, sy amin'ny alàlan'ny, ary amin'ny alàlan'ny Baiboly, mandra-pahatonga azy handentika fantsika be loha iray tanteraka tokoa, hitanareo, mandra-pivoakany tanteraka tokoa amin'ny alàlan'ny Soratra. Noho izany rehefa mitsangana aho, dia afaka manana finoana marina tokoa an'izay ataoko aho, hitanareo, mahafantatra fa izay torianareo dia ny Fahamarinana. Hitanareo? Ary amin'izay fotoana izay raha misy olona manohitra an'Izany, dia efa nianatra tsara betsaka ianareo hany ka fantatrareo marina tokoa izay Lazainy, aiza no hampijanonana azy, hitanareo, *Eto* mihitsy. Hitanareo? Ary tahaka an'izany ilay izy. Andriamanitra dia manao antsika amin'ny fomba samihafa, mba ahafahantsika tsotra fotsiny . . . Izany no manao an'izao tontolo izao ho tahaka an'izany. Fa, izany no manao ahy ho io karazana olona mikorontan-tsaina iray, sorena io. Tokony ho tsara mihitsy ilay izy.

13 Ary tena faly aho, izao hariva izao, androany, izao—izao maraina izao, ny milaza hoe fantatro fa tsy maty ny Tompo Jesosy. Velona Izy, ary eto mihitsy Izy ankehitriny tahaka Azy tamin'ny fotoana rehetra teto amin'izao tontolo izao tany Galilia na tany an-kafa na taiza na taiza. Izy no Zanak'ilay Andriamanitra velona, nitsangana, manerana. Izany dia . . . Ary raha tsy afaka aho . . .

14 Raha nampianatra Soratra iray mikasika Andriamanitra

iray ara-tantara aho, nefa tsy azoko antoka fa eto mihitsy Izy, izaho—hikorontana tanteraka aho. Hanao ahy ho tena mikorontan-tsaina izany, tsy ho fantatro izay nataoko. Hitanareo? Ary tsy ho fantatro izay hotenenina amin'ny olona, "Eny, ankehitriny, Izy dia hanao an'*ity*, na Izy dia hanao an'*itsy*." Izaho—tsy afaka hiteny aminareo aho. Tsy fantatro. Fa rehefa fantatrareo izay Nampanantenainy fa Hataony, ary efa hitanareo Izy nanao an'izany, amin'izay fotoana izay dia fantatrareo izay itsangananareo. Hitanareo? Ary hitanareo hoe ahoana fa Andriamanitra, tao amin'ireo Drafiny lehibe, dia nahafantatra fotsiny hoe ahoana no anaovana ny olona tsirairay ho zavatra anankiray marina tokoa, satria hampiasa azy ireo ho an'izany tanjona izany Izy.

15 Renareo ve io ramatoa kely eto io, vao teo? Rtoa. Stricker, mihira tsy misy mozika. Nanana karazana zavatra kely izy izay notsofiny, mba hahazoany ny feon-kirany, ny—ny naotiny na izay iantsoanareo azy. Ary afaka nitsangana ka nihira tamin'io feo tena ambany io, ary nampakatra an'izany, hoe, *Ohen'ny Sambo!* Ankehitriny, tokony handre ahy hanandrana an'izany ianareo indray andro any. Tena hahatsiravina izany. Saingy, hitanareo, fantatr'Andriamanitra hoe ahoana no hanaovana an'io vehivavy io mba hanaovany an'izany.

16 Ary tahaka an'izany ilay izy. Namboarina ho samihafa isika rehetra. Raha hahita ny toerana misy antsika ao amin'i Kristy fotsiny mantsy isika, ka mitoetra ao sy manompo Azy.

17 Mahita zazavavy kely iray aho mipetraka eto, izao maraina izao, eo amin'ny seza misy kodiarana. Ho tahiana anie ny fo kelinao. Inona no nanao anao ho kilemaina, malala? Ozatra dys-. . .dys-. . .Oh, tsy afaka milaza an'io teny io aho, rehefa manomboka aho; dystrophie, na mety ho inona. Izany ve ilay izy, malalan'ny fo, izany no nanao anao ho kilemaina iray, sa lefakozatra ilay izy? Lefakozatra. Fantatrao, manasitrana an'ireo zazavavy kely Jesosy. Sa tsy izany Izy? Zazavavy kely tena tsara tarehy ianao. Ary mino aho fa hamela anao ho salama Jesosy.

18 Omaly hariva, ireo zazavavy kely anankiroa izay nipetraka teto niaraka tamin'io aretina io izay tsy misy olona iray mihitsy aza eto amin'izao tontolo izao mahafantatra hoe inona ilay izy. Milatsaka ireo rantsan-tànany kely, ary milatsaka ireo tongony kely. Zazavavy kely anankiroa tsara tarehy. Ary sendra fantatro ny renin'izy ireo sy ny reniben'izy ireo. Ary nahatsapa ho voatarika fotsiny aho hanameloka an'ilay devoly izay nampijaly an'ireo zavatra kely nipetraka teo ireo; nivoaka avy hatrany. Ary teo amin'ny seza misy kodiarana izy ireo nandritry ny tsy fantatro hoe hafiriana. Ary omaly hariva, dia tonga ny vaovao, teo amin'ny telefona hoe, "Mitsangana ireo zazavavy kely, mandehandeha." Hitanareo fa, fa ny—fa tena niahy azy ireo

ny Tompo Andriamanitra. Oh, tena tsara amintsika Izy! Tokony hankasitraka Azy bebe kokoa isika.

19 Avy eo dia nieritreritra aho, omaly hariva mihitsy, rehefa nandeha nody aho ka nandry nandritry ny minitra vitsy, nieritreritra aho hoe, “Rehefa mivoaka avy ao amin’ny olona iray ny fanahy, dia inona izany?” Ny ao anatiny no nivoaka. Tsy maty izy. Izy—mbola velona foana izy. Hitanareo? Izy—velona mandrakizay izy. Ary ireo malalantsika izay efa lasa any ankoatran’ity voaly ity, dia ao anatin’ny—ny vatana iray izay tsy fantatsika hoe inona izany. Tsy voambara izany.

20 Misy dingana telo ny zavatra rehetra. Misy dingana iray an’ny vatana mety maty, iray an’ny vatana tsy mety maty, ary avy eo ilay vatana nomem-boninahitra. Hitanareo? Tahaka an’ireo zavatra hafa fotsiny, tahaka ny . . . Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina, mandeha ao amin’ny fantsona anankiray, ary ireo telo no manao an’ilay Anankiray. Fanamarinana, fanamasinana, batisan’ny Fanahy Masina, ao anaty fantsona iray, no manao an’ilay anankiray. Avy eo, ary ny aina, vatana, ary fanahy, no manao an’ilay anankiray. Ary mandeha ao amin’ny telo izy io, ary ireo telo dia anankiray. Ary alaivo ny—ny fitaratra misy rirany telo ka apetraho ao amin’ny masoandro izy, hampitaratra an’ireo loko izy, kanefa, ireo loko fito dia hihena ho anankiray.

21 Ary alaivo ny mena, ary jereo amin’ny mena ny mena. Firy no mahafantatra hoe ho inona ny lokony? [Hoy ny fiangonana hoe, “Fotsy.”—Mpand.] Fotsy. Ah-hah. Tsy hafahafa ve izany? Izany, mena amin’ny alàlan’ny mena, dia toa fotsy. Ny mena no famantaran’ny fanavotana. Ary rehefa ianareo . . . Andriamanitra dia mijery ny fahotantsika mena, amin’ny alàlan’ny Rà mena an’Ny Zanany sarobidy, dia fotsy izy ireo. Noho izany, saingy, tsy maintsy mijery amin’ny alàlan’ny Rà Izy. Raha tsy izany, dia mpanota izy ireo. Noho izany dia tsy maintsy eo ambanin’ny Rà isika.

22 Ary rehefa miala amin’ny vatana ny fanahy, dia mandeha mankao amin’ny toeram-pitsaharana iray izy, ao amin’ny vatana iray izay ao amin’ny endrika sy bikan’ity vatana ity, saingy tsy ity karazana vatana ity izany. Hihaona amin’ireo malalanareo ianareo. Tsy afaka handray ny tànan’izy ireo ianareo. Afaka miresaka amin’izy ireo ianareo, afaka mijery azy ireo. Mitovy tahaka azy ireo eto mihitsy izy ireo. Satria, rehefa i Petera, sy Jaona, ary Jakoba, no nahita an’i Mosesy sy Elia, dia nahafantatra azy ireo izy ireo, teo amin’ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy. Saingy, vatana iray izany.

23 Fa avy eo rehefa io vatana io, karazana vatan-danitra iray, rehefa miverina eto an-tany indray izany, dia maka an’ilay—ilay zavatra niainany fahiny, ary avy eo dia lasa vatana iray nomem-boninahitra izany. Ary io vatana io no ilay anankiray izay hahitantsika ny Tompo Jesosy, ao amin’ny Vatany nitsangana.

"Tsy mbola miseho izay haha-izy antsika," hoy Paoly, "saingy fantatsika fa hanana vatana iray tahaka ny Azy Manokana be voninahitra isika, satria hahita Azy araka izay maha-izy Azy isika."

24 Ary ireto tànana antitra mikentrona rehetra ireto sy ny hoditra simba rehetra dia hanjavona hankao anatin'ny famirapiratan'ny hatanorana. Ianareo lehilahy sy vehivavy antitra, tsarovy, ianareo. . . Ity dia. . . Izany, marika iray an'ny fahalavoana izany, ny fahanteranareo. Fa amin'ny fitsanganana, dia tsy hisy marika anankiray avy amin'ny zavatry ny fahotana izy ireo. Fa nahoana Andriamanitra no nanao anareo tahaka ny Nataony? Nitondra anareo hatreo amin'ny taona anankiray Izy, rehefa teo amin'ny roa amby roapolo, telo amby roapolo taona teo ho eo ianareo, tao amin'ny tsara indrindranareo ianareo. Nihinana sakafo ianareo ary lasa natanjaka kokoa, sy salama, ary toa olona iray matanjaka ianareo. Avy eo, aorian'izany, dia lasa miketrona ianareo, hitanareo, mipetraka ny fahafatesana. Fa, amin'ny fitsanganana, dia hanjavona ny fahanterana rehetra.

25 Mijery mpitory teny kely antitra iray sy ny vadiny aho eto. Ao amin'ny faha-valopolo taonany izy ireo, heveriko. Rahalahy sy Ranabavy Kidd, nitory ny Filazantsara angamba talohan'ny nahaterahako; ary lehilahy antitra iray aho. Ary mahita azy ireo mipetraka eto aho, toa milamina tsara, mpivady antitra kely. Ary mieritreritra fotsiny aho, hoe, amin'ny fitsanganana, dia ho tahaka ny inona izy ireo. Ireo ketrona tranainy ireo, sy ireo tànana mihozongozona sy mangovitra sy fangovitana, ary ny volo fotsy dia hanjavona hankao amin'ny famirapiratan'ny hatanorana. Tena misy tombony marina tokoa ny manompo ny Tompo. Tena misy marina tokoa izany. Hahita Azy isika, indray andro any.

26 Manontany aho raha manatrika i Rosella Griffin. Tiako ny hanao azy hilaza teny iray. Alikaolika kely iray izay sitrana mihitsy tany. . . eto, taona vitsy lasa izay. Ary mety hanampy alikaolika iray izay eto izany. [Hoy ny anabavy iray ao amin'ny fiangonana hoe, "Ranadahy Branham, lasa nody izy izao maraina izao."—Mpand.] Tsy maintsy nody izy izao maraina izao. Eny àry. Trangan-javatra mahafinaritra! Nieritreritra aho omaly hariva fa tokony hanao azy hilaza zavatra iray aho. Ho nanao aho, raha fantatro izany, hoe handeha izy izao maraina izao. Zavatra maro be fotsiny no tiako ho ren'ireo olon'ny tabernakla.

27 Ankehitriny, misy hatao batisa ve eto, izao maraina izao, amin'ny rano? Ndao jerentsika. Iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, eo amin'ny enina na fito eto mba hatao batisa. Ary ny fotoan'ny batisa no hanaraka an'ity leson'ny sekoly Alahady ity.

28 Ankehitriny, ny efitry ny sekoly Alahady ho an-dRanabavy Arnold, ho an'ireo ankizy keliny, dia nesorina. Ary izahay fotsiny

dia, raha sitrakao, Ranabavy Arnold, dia saika hanemotra an'izany hatramin'ny andro manaraka, satria tsy manana efitra ho an'ny sekoly izahay. Ary hamaky Soratra iray aho eto afaka minitra vitsy, ho an'ireo ankizy kely, ary izany dia hanome azy ireo zavatra ho eritreretina, ihany koa. Ary avy eo amin'ny Alahady heriny dia hanohy ny fotoanareo mahazatra ianareo sy ny sekoly Alahady. Ankehitriny, tianay ny hilaza . . .

29 Ity misy zavatra hafa izay tiako lazaina izao maraina izao. Izaho—izaho—niteny tamin'izy ireo aho mba tsy hanao an'ity, saingy nataon'izy ireo ihany ilay izy, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Izany dia, rakitra iray omaly hariva izay tonga taty amiko, hitanareo, rakitra iray. Niteny tamin'izy ireo aho mba tsy hanao an'izany, hitanareo. Ary izy ireo . . . Saingy nataon'izy ireo ihany ilay izy, na ahoana na ahoana. Ary rehefa . . . Tsy fantatro izany raha tsy i Billy no niteny tamiko hoe ny rahalahiko Doc no nitondra an'izany tany aminy, tany an-tranony. Ary tsy mbola nanisa an'izany mihitsy aho, saingy mino aho fa efa notaterina izany hoe nisy teo amin'ny telonjato teo, na telonjato mahery kely. Izany ve . . . Tadidinao ve, Doc, hoe inona ilay izy? [Hoy Rahalahy Edgar Branham hoe, " . . . efatra amby roapolo, roa ambin'ny folo."—Mpand.] Inona izany, rahalahy? ["Telo, efatra amby roapolo, roa ambin'ny folo."] Efatra amby roapolo sy telonjato, roa ambin'ny folo. Misaotra anareo, betsaka aho.

30 Ankehitriny, efa ela aho no tsy niasa. Fantatrareo izany. Ary ny mpitan-tsoratro izay manatrika, na ny sasany amin'izy ireo eto izao maraina izao, dia mahafantatra fa ny fandaniako, tsy mampaninona na aiza misy ahy, eto an-trano eto mihitsy, dia manao ahy handany mihoatra ny zato dolara isan'andro, ny biraoko sy ny sisa haloa ho an'ireo mosara sy ny sisa manerana an'izao tontolo izao, ao amin'ireo fandaniana.

31 Ary izaho—te-hilaza an'ity aho, fampaherezana iray ho anareo olona eto, na izany aza. Amin'ny isan'ny olona, dia izany no rakitra goavana indrindra izay hany voaraiko teo amin'ny fiainako. Fantatrareo ve fa izany dia hitontaly eo amin'ny iray dolara isan'olona eo, ara-keviny? Ary ny ankamaroan'ireo rakitra ao amin'ny asa dia eo amin'ny ara-keviny, manodidina ny roa amby roapolo na dimy amby roapolo cents isan'olona. Fa ity dia iray dolara isan'olona ara-keviny. Satria, fantatro fa tsy afaka miditra ato ianareo . . . Tsy mandray ny rakitra izy ireo any ivelany. Ary tsy afaka mifanizina ato amin'ity toerana kely ity ianareo mihoatra ny, eo amin'ny olona telonjato eo, izaho—misalasala aho. Fantatrao ve hoe firy ny sezan'ny tabernakla, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tokony ho eo amin'ny telonjato any ho any izany, arak'izay maha-izy azy ankehitriny."—Mpand.] Eo amin'ny olona telonjato eo. Noho izany, hitanareo, izany dia manodidina ny iray—iray dolara isan'olona. Andriamanitra no mahafantatra hoe toy ny ahoana no ankasitrahako an'izany. Misaotra betsaka anareo aho. Ary

mandeha avy hatrany ao amin'ny asan'ny Tompo izany. Izaho—misaotra anareo aho ny amin'izany. Ary ho an'ny . . . Raha sendra hiainga alohan'ny rahariva ny sasany amin'izy ireo, satria . . . ary izaho . . .

32 Rehefa nandeha nody aho omaly hariva, nipetraka teo amin'ny lavarangana dia nisy boaty kely iray, tahaka an'*izao*, ary izany dia a—andiana gelée, mino aho, fa avy amin'olona iray izany. Fantatrareo, tia gelée mihitsy aho. Ary izaho—mankasitraka an'izany aho. Ary ny—ny anabavy iray eto, izay tsaratsara kokoa amiko ny tsy miantso ny anarany. Sakaiza akaikin'ny fianakavianay izy, ary namela fanomezam-pitiavana izy tany amin'ny reniko, ho ahy sy ho an'i Billy. Tsy fantatrao, ranabavy, hoe ahoana no ankasitrahako an'izany, ary tamin'ny fotoana inona no nahatongavan'izany.

33 Ary, oh, zavatra maro be! Azonareo. Ary azoko antoka fa mahazo Izy. Ary noho izany dia matoky fotsiny aho fa hitahy ny tsirairay avy aminareo Izy, mihoatra betsaka. Maniry aho mba ahafahako mody miaraka amin'ny tsirairay avy aminareo, ka—ka mijanona vetivety miaraka aminareo, ary miresaka aminareo. Tiako ny manao an'izany.

34 Saingy, izany dia, fantatrareo hoe ahoana izany, eo ampandehanana tsy ankitsahatra ilay izy. Tsy maintsy mandeha haingana fotsiny izahay. Am-pahatsorana, aorian'ny fotoana rahariva, raha sitraky ny Tompo, dia handao ny fanjakana aho, vantany vao mifarana mihitsy ny fotoana. Tsy maintsy miala eto aho alohan'ny amin'ny roa ambin'ny folo ora. Manana fotoana aho amin'ny roa ambin'ny folo ora. Ary feno aho, amin'ity tolakandro ity. Ary izaho . . . Fantatrareo hoe ahoana izany. Mandeha foana tsy ankitsahatra izany, amin'ny fotoana rehetra; olona marary, eo am-pahafatesana.

35 Ary imbetsaka aho no mandeha any amin'ny toerana iray, ary mitsangana eo fotsiny, ary tonga ny olona iray, manao hoe, "Fantatrao ve aho, Rahalahy Branham?"

"Tsia, tsy fantatro."

36 "Nahoana, nandry tao amin'ny hopitaly aho, teo ampahafatesana, rehefa tonga nivavaka ho ahy ianao. Nanasitrana ahy ny Tompo." "Jamba aho fony nifanena tamiko teny andàlambe ianao, tamin'ny andro nahatongavan'ilay fahitana." Hitanareo? Ary izaho—tsy fantatro mihitsy hoe inona ilay izy.

37 Saingy mieritreritra an'ity eritreritra voatahy iray ity aho, Rahalahy Egan, hoe, indray andro any rehefa avy nitory ny toriteniko farany aho, nivavaka ho an'ilay olona farany izay tian'ny Tompo hivavahako, dia hody any an-Trano aho! Ary amin'io marainan'ny fitsanganana io, oh, ho andro iray toy ny inona izany, ilay fifaliana! Rehefa afaka mitsangana Any aho, rehefa hitsangana ilay mpanjakavavin'ny Atsimo, dia afaka hahita aho hoe fitaomana inona no nananany! Ho hitako tonga

Any, i Billy Graham, ny fitaomana izay nananany. Oral Roberts, sy ny sisa rehetra, ny Sankey, Finney, Moody, Calvin, Knox, sy ny sisa. Avy eo dia hahita ny vondroko tonga aho. Oh, izany no ho fifaliana, izany no ho fisalorako. Marina izany. Ary, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia manantena hanana antapitrisany maro aho Any.

38 Ary ankehitriny dia tsy maintsy handeha any ampitandranomasina tsy ho ela aho. Ary ankehitriny, araka ny fantatro, ao amin'ireo fivoriantsika manokana mihitsy, eritrereto fotsiny izany, ao amin'ireo fanahiko iray tapitrisa faharoa aho, azoko ho an'i Kristy. Ary izaho—manantena aho fa hahita maro, antapitrisany maro azo aho.

39 Ankehitriny, ny fotoan'ny batisa, ary ankehitriny ireo—ireo fotoana sy ny sisa. Ary, ankehitriny, izany dia mitohy aorian'ny fivoriana.

40 Raha misy fotoana iray hiverenanareo ho an'ny fifampiresahana manokana, sy ny sisa, dia antsoy fotsiny ilay mpiasa, Rahalahy Mercier eto. Mila manana karazana fandaminana izahay, izay tsy maintsy anananay. Fantatsika izany. Ary Rahalahy Mercier, izy no mandray azy ireo, mandray naoty azy ireo araka ny ahatongavan'izy ireo fotsiny, ary raha vantany vao tapitro ireo fotoana, tapitra izy rehetra, izaho... Rehefa tonga aho, dia miantso azy aho ary miteny aminy hoe, "Vitako ny amin'ity vondrona ity." Omeny vondrona vaovao aho, ary mandeha indray aho, hitanareo. Noho izany, ny rehetra dia miasa avy ao amin'io birao io. Ary fantany mihitsy hoe ahoana no ametrahana azy ireo mba ahafahany manao ny tsirairay avy ho tonga, izay afaka ho tonga, hitanareo. Noho izany, dia tena faly isika manana an'io birao kely miasa tahaka an'izany io. Koa izany fotsiny dia BUtler 2-1519. [Efa niova ny nomeraon'ny telefona.—Mpand.] Ary izany dia...Na, raha miantso an'i Jeffersonville ianareo, dia antsoy fotsiny aho, ary hamaly izy ireo ao amin'ilay birao any. Ary misaotra anareo, tena am-pahatsaram-panahy.

41 Ankehitriny dia ndao isika, alohan'ny hanokafantsika Ny Teniny voatahy...Ary tsarovy, aorian'ny ifaranan'ity fotoana ity avy hatrany, ary ny fotoan'ny batisa, dia ho eto i Billy hizara an'ireo karatra fangataham-bavaka ho an'ny rahariva.

42 Ankehitriny, rahariva satria fiangonana hariva, Alahady hariva, ny ankamaroan'ny olon'ny tanàna dia ho any amin'ireo fiangonany manokana, sy ny manodidina an'i Louisville ary ny manodidina. Ho ao amin'ireo fiangonany manokana izy ireo. Fa ilay izy dia ho an'ireo avy any ivelany fotsiny ny ankamaroany. Noho izany, heveriko fa afaka handahatra laharam-bavaka lehibe iray angamba isika rahariva ka hivavaka ho an'ny tsirairay avy amin'izy ireo. Matoky aho fa hanao isika. Nizara karatra fangataham-bavaka vitsivitsy izahay.

43 Izaho—heveriko, omaly hariva, afak'omaly hariva, oh, tsapako fotsiny toy ny hoe handray ny iray amin'ireo, oh, fanidinana tokana aho, fantatrareo, izay resahantsika. Mahita fotsiny, ato amin'ity tabernakla kely tranainy ity, indray, an'ireo tànana mitsangana.

44 Manana zazalahy kely iray aho eto, zazalahy fotsiny mihitsy izy, Joseph kely. Eo amin'ny telo taona eo fotsiny izy. Ary rehefa nikiakiaka izy rehetra, raha tsy nitsambikina avy hatrany teo afovoan'ny làlantsara izy ka nanangana an'ireo tànany, ary nanomboka nihiakiaka sy nidera ny Tompo, teo afovoan'ny làlantsara teo mihitsy! Ary heveriko, izao maraina izao, dia niady tamin'ny anabavy keliny izy, ary nanaikitra azy teo amin'ny sandriny, noho izany dia noteneniko taminy fa tsy hahasoa loatra ny hiakiakany raha mbola mihetsika tahaka an'izany foana izy. Oh, oadray! Ireo ankizy kely ireo, tena afaka maka tahaka anareo marina tokoa izy ireo, sa tsy izany? Eny, mazava ho azy, izany ilay izy, nahita ny sisa tamin'izy ireo nanao an'izany fotsiny izy ka nihevitra fa izy dia tokony hanao, ihany koa, ary angamba nanaraka antsika, arak'izay nataontsika.

45 Ankehitriny isika dia manana Ny Teniny misokatra eto. Ankehitriny dia ndao isika hiresaka Aminy fotsiny mikasika an'Izany. Ankehitriny fotsiny ny . . .

46 Andriamanitra malala, raha manatona Anao izahay izao ankehitriny izao, am-panajana, am-pahanginana, amin'ny fahononan-tena, ary amin'ny finoana, mino fa mandre sy mamaly vavaka Ianao. Satria, tonga amin'ilay Anarana ampy tanteraka an'Ny Zanakao izahay, ny Tompo Jesosy, Izay ilay Anankiray tsy mety diso, ary nanome ny teny fikasana, hoe, "Raha mangataka zavatra amin'ny Ray amin'Ny Anarako ianareo, dia Hataoko izany." Noho izany dia fantatray fa hahazo an'izay angatahinay mihitsy izahay, satria tonga amin'Ny Anarany izahay. Satria tsy manana Anarana hafa izay ahafahanay manatona Anao izahay, ilay Jehovah Andriamanitra lehibe, mahery. Ary tonga nohon'ny Fahasoavany izahay, tsy miaiky fa mendrika na inona na inona izahay, fa satria efa nanao fanaovam-panavotana iray ho anay Izy, tao amin'izay Nahafatesany ho anay. Ary nanao fanavotana ho an'ny fahotanay Izy, ka mahatsapa izahay fa afaka mitsangana nohamarinina eo Imasonao, tamin'ny alàlan'ny Fahafatesany. Izany no finoanay. Ary tsy mangataka na inona na inona izay ho ratsy, fa izay tsara ho an'ny tsirairay avy aminay.

47 Noho izany, Tompo Andriamanitra, dia mitenena aminay amin'ny alàlan'Ny Teninao. Ary mitenena aminay ao amin'io Feo io, mba hahazoanay sy hahafantaranay fotsiny hoe ahoana no hahalasa lehilahy sy vehivavy tsaratsara kokoa, zazalahy sy zazavavy. Fantatray fa ilay vavahady lehibe an'ny fahafatesana any, hoe, isaky ny mitempo ny fonay, dia manao fitempo anankiray manakaiky kokoa an'io vavahady izay hidiranay

rehetra io izahay. Ary noho izany dia fantatray, fa, rehefa tonga ao izahay, dia tsy misy fanararaotra anankiray indray hany hanao fampihavanana. Tsy misy intsony indray izay ahafahanay hanana an'izao fanararaotra izay anananay izao ankehitriny izao. Ary tsy mahafantatra fotsiny hoe rahoviana izahay no hiampita an'io tsipika io, O Andriamanitra, tongava aminay haingana mihitsy ka ento mankany amin'ireo saina izay tokony hananay izahay, ary hahafantatra hoe ahoana no hanatonana Anao, sy hitaraina ny amin'ireo zava-misinay eo Anatrehanao ary hangataka famindrampo. Ekeo izany, Tompo.

48 Vahoaka iray manana ilaina izahay. Ondry izahay, mangataka an'ilay Mpiandry izay hitarika anay manerana ny fiainana, ary ao amin'ny lohasaha aloky ny fahafatesana. Araka an'i Davida, fahiny, nanao hoe, "Tsy hatahotra aho rehefa tonga eo amin'io toerana io," satria ilay Mpiandry no hitarika ahy hitety an'io toerana io, mandra-pipetrahan'ny tongotsika mafy eo amin'io Morona be voninahitra io, izay handosiran'ny fahanterana sy ny aretina sy ny alahelo ary ny fahafatesana lavitra antsika, ka ho afaka isika, Any, mandrakizay.

49 Mitenena, Tompo. Ity malalan'olona kely mangira-maso ity, mipetraka eto anoloako mihitsy, ao anatin'io seza misy kodiarana io; tsy afaka manala ny masoko aminy fotsiny aho androany; kilemaina tanteraka tamin'io lefakozatra io, izay nataon'ilay ratsy taminy. O Andriamanitra, mitondrà fanafahana ho an'io malala kely io. Ekeo izany, Tompo. Tsy ho azy ihany, fa ho an'ireo hafa eto izay miandry. Aoka Ny Fanahinao Masina hanandratra azy ireo tena avo, izao maraina izao, mba handehanan'izy ireo hihoatra ny fihovitrovitry ny fisalasalana tsirairay sy ny sakan'ny fahotana tsirairay, mba hihetsehan'Ny Fanahinao Masina eo amin'izy ireo ka hanasitrana azy ireo. Ekeo ireo zavatra ireo, Tompo. Fa mangataka an'ireo fitahiana ireo ho Voninahitrao izahay, amin'ny Anaran'ny Zanaka, Jesosy Kristy. Amena.

50 Ankehitriny, nisafidy lahatsoratra iray aho izao maraina izao. . . Ary mamelà ahy ianareo sakaiza kely, nohon'ny fakàna ny fotoana rehetra miaraka amin'ireo olon-dehibe, ary tsy eto ny kilasinareo, ho an'ity maraina ity. Fa tiako ianareo hihaino, ihany koa, an'izay tiako hovakiana. Ary tiako ny hamaky, izao maraina izao, ao amin'ny Samoela Voalohany, ny toko faha-3.

51 Ary tiako ny haka lahateny iray hoe: *Henoy Ny Feony*. Izany dia ho an'ny zazavavy kely sy ny zazavavy goavana, ary ny zazalahy kely sy ny zazalahy goavana, rehetra. Tsarovy ilay lahateny hoe: *Henoy Ny Feony*.

52 Ankehitriny, ianareo izay mamadika ao amin'ny Soratra, ao amin'ny Samoela Voalohany, ny toko faha-3, dia toy izao no vakiny ao amin'ireo andininy folo voalohany.

*Ary Samoela zaza nanompo ny* T*OMPO* *teo anatrehan'i Ely. Ary nahàlana ny tenin'ny* T*OMPO* *tamin'izany andro izany; tsy nisy fahitana niseho.*

53 Oh, toy ny ahoana no itiavako hijanona eo mandritra ny iray minitra, angamba amin'ny fotoana hafa. Mandòna ahy fotsiny izany. Mamelà ahy hamaky azy indray mandeha indray, io andininy io.

*Ary Samoela zaza nanompo ny* T*OMPO* *teo anatrehan'i Ely. Ary nahàlana ny tenin'ny* T*OMPO* *tamin'izany andro izany;* satria *tsy nisy fahitana niseho.*

54 Hitanareo ve hoe inona ny fahitana iray, tamin'izany? Ny Tenin'ny Tompo mivantana izany. Hitanareo? Ary nahàlana ny Tenin'ny Tompo.

*Ary izao no niseho tamin'izany andro izany, rehefa nandry teo amin'ny fitoerany i Ely, ary* nanomboka *pahina ny masony, ka tsy afaka nahita izy;*

*Ary raha tsy mbola maty ny jiron'Andriamanitra tao amin'ny tempolin'ny* T*OMPO*, *izay nisy ny fiaran'Andriamanitra, ary nandry tao i Samoela;*

*Dia niantso an'i Samoela ny* T*OMPO*: *ary namaly izy hoe, Inty aho.*

*Dia nihazakazaka* nankeo *amin'i Ely izy, ka nanao hoe, Inty aho; fa niantso ahy ianao. Fa hoy izy hoe, Tsy niantso aho; mandria indray. Dia nandeha izy ary* nandry *teo.*

*Ary ny* T*OM-*. . .*Ary ny* T*OMPO* *mbola niantso indray hoe, Samoela. Dia nitsangana i Samoela ka nandeha nankeo amin'i Ely, ary nanao hoe, Inty* aho . . .*Inty aho; fa niantso ahy ianao. Ary namaly izy hoe, Tsy niantso aho, anaka; mandry indray.*

*Ankehitriny Samoela tsy mbola nahafantatra ny* T*OMPO*, *ary tsy mbola voambara taminy ny tenin'ny* T*OMPO*.

*Ary ny* T*OMPO* *niantso an'i Samoela fanintelony indray. Dia nitsangana izy ka nankeo amin'i Ely, ary nanao hoe, Inty aho; fa niantso ahy ianao. Dia fantatr'i Ely fa ny* T*OMPO* *no niantso ny zaza.*

*Noho izany dia hoy Ely tamin'i Samoela hoe, Mandehana, mandry indray: ary raha hisy izany, raha miantso anao izy, dia ianao* hanao *hoe, Mitenena,* T*OMPO*; *fa mihaino ny mpanomponao. Noho izany dia lasa i Samoela ka nandry teo amin'ny fitoerany.*

*Ary tonga ny* T*OMPO*, *ka nitsangana, ary niantso tahaka ny teo ihany hoe, Samoela, Samoela.* Dia *namaly i Samoela hoe, Mitenena; fa mihaino ny mpanomponao.*

55 Ny Feon'Andriamanitra! Zavatra nahàlana ny fihainoana Ny Feony tamin'izany andro izany. Hitanareo, tsy nisy fahitana niseho. Ary zavatra nahàlana izany, ilay tena Feon'Andriamanitra, satria nanalavitra ny olona. Nanana fiangonana izy ireo, tamin'izany andro izany, izay tsy nanaraka fotsiny ny didin'ny Tompo. Nanana mpi—mpitoriteny iray izy ireo tamin'ny anarana hoe Ely. Ary efa nanalavitra an'Andriamanitra izy, tamin'ny alàlan'ny fampianarana fotsiny an'izay tian'ny olona ninoana. Raha tsy mirazotra amin'izao andro izao izany! Nampianatra ny olona fotsiny izy, ary izy—naka an'ireo safidiny izy, ary nasainy naka ny tsara indrindra tamin'ny nofo avy tao ireo zananilahy, ireo fitrebika, avy tamin'ny—ny fanatitra. Ary lasa toerana iray fotsiny ilay izy izay ny fanatitra no zava-dehibe. Ary Samoela, tsy niraharaha mihitsy ny fomba nanatanterahany an'ireo didin'ny Tompo. Ary zavatra nahàlana ilay tena Tenin'Andriamanitra.

56 Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao. Mandeha any am-piangonana isika ary mahita ny olona miditra sy manao asam-pitoriana goavana iray, "Te-hanao ny anaram-piangonanay izahay, amin'ity taona ity, ho *tena* maro kokoa. Ento ny taratasinareo avy amin'ny fiangonanareo hafa, ary mikambàna aminay." Ary ireo teny filamatra toy ny hoe, "Iray tapitrisa amboniny amin'ny '44." Ary ny rehetra tahaka an'izany, miantsoantso, miezaka ny hitombo hihoatra an'ilay anaram-piangonana manaraka. Ary amin'ny fanaovana an'izany, dia avelantsika hilatsaka ireo fefy, an'ny Baiboly. Nanalavitra isika, ary nanomboka nampianatra zavatra samihafa.

57 Nilaza ny amin'izao andro izao ireo mpaminany, hoe rehefa, "Izy ireo, amin'ny fampianarana, dia hampianatra ny foto-pampianaran'ny olona fa tsy ny Foto-pampianaran'Andriamanitra."

58 Ary nahita betsaka an'izany isika, ary nanohy nandritry ny ela be izany, hany ka, amin'izao andro izao, zavatra mahàlana ny Tenin'ny Tompo, ka afaka ho tonga ny olona iray ary hanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE." Ankehitriny, efa nanana fakan-tahaka betsaka an'izany isika. Tena miasa marina tokoa i Satana. Ary taona maro lasa, dia natahotra ny hilaza an'izany ny olona raha tsy hoe ny Tompo ilay izy. Fa, amin'izao andro izao, dia tsy miraharaha fotsiny izy ireo. Fa zavatra mahàlana ny mihaino ny Feon'ny Tompo, sy ny mahita olona iray izay afaka manao hoe, "Niteny tamiko ny Tompo." Voamarikareo izany eo anivon'ny vahoaka, tsy misy intsony, fa zara izy ireo raha mandre amin'ny fotoana iray izay ilazan'izy ireo hoe, "Niteny tamiko ny Tompo."

59 Nefa, ireo lehilahy sy ny vehivavy taloha dia nivavaka nandritry ny alina manontolo, ary voapetraka tao amin'ny lamina ny tokantranon'izy ireo, tamin'ny alàlan'ny Bokin'ny Tompo, ary Andriamanitra no voalohany tao an-tokantranon'izy ireo.

60 Hitanareo, manana zavatra be loatra isika alohan'ny Tompo. Tsy afaka manao ny fivoriam-bavaka ianareo, satria Atoa. Godfrey no mandeha rahariva. Tsy afaka manao ny fivoriam-bavaka ianareo, satria *Tiantsika i Sucy* no mandeha rahariva. Na, karazana hadalana adala tahaka an'izany, izay maka ny fotoana, ary tsy manam-potoana hihainoana ny Feon'ny Tompo isika. Ary ireo izay mihambo ho Kristiana, dia mandohalika fotsiny, amin'ilay vavaka kely tahaka an'izao, karazana vita an-trano hoe, "Tompo, tahio aho sy ny fianakaviako, ary karakarao izahay. Tafandria mandry." Ary ny ampitso maraina, mifoha ka manao hoe, "Tariho làlana fotsiny izahay mandritry ny andro. Mahazoa andro tsara."

61 Tokony hiandry ny Tompo isika. Hitanareo, isika no manao an'ilay resaka rehetra. Tsy manome anjara Azy mba hamaly antsika isika. Izany, raha hivavaka isika, dia mivavaha mandrapiditry ny fanahintsika eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ary avy eo dia maka aina fotsiny ka mihaino Ny Feony.

62 Fa misy feo maro be, amin'izao andro izao, izay manaisotra ny Feon'ny Tompo hiala amintsika. Misy ny feon'ny fahafinaretana. Olona maro be no mihaino an'izany, aiza no ahafahan'izy ireo handeha ka hanana fotoana tsara iray. Ary maro amin'izy ireo no mitonona ho Kristiana. Karazana rock-and-roll ratsy iray no mipoitra, tsy afaka mihaino an'izay masina fotsiny izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Eny, Kristiana aho, tokony hamaky andininy iray ao amin'ny Baiboly aho androany. Hia, 'Jesosy nitomany.'" Izay ilay izy. Mandrosoa. Fa avy eo ny mandohalika marina tokoa ka mivavaka, manana zavatra hafa be loatra hatao izy ireo. Misy maro be ny feo eto amin'izao tontolo izao, zavatra maro be mba hisarihana ny fifantohantsika hiala amin'Andriamanitra.

63 Ary omaly, rehefa nandeha nankany amin'ny toerampivarotana lehibe izaho sy ny vadiko, mba hividy enta-madinika. Ary maika aho satria tara tamin'ireo fotoana sy ny sisa aho, ary nandeha haingana mihitsy. Ary nisy zazalahy kely iray nitsangana teo, natory tapany, ary nisy zazavavy antitra kely iray tonga teo nanao pataloha kely, izay an'ny lehilahy iray. Tsy maintsy izany izy ireo, satria natao ho an'ny lehilahy izy ireo.

64 Ary hoy ny Baiboly hoe, "Fahavetavetana eo imason'Andriamanitra izany, ny vehivavy mitafy an'izany."

65 Ary nanao betsaka an'io lokomena io eto, ary ny masony saika matory tapany, hoy izy hoe, "Aiza no misy an'*izao-sy-izao*?" tamin'io zazalahy kely io.

Hoy izy hoe, "Ahoana no iheveranao fa hahafantarako?"

66 Hoy izy hoe, "Tsarovinao, tsy nody mihitsy aho raha tsy tamin'ny enina ora izao maraina izao." Ary tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo taona izy.

67 Ankehitriny, Jesosy, rehefa roa ambin'ny folo taona, izay ohatra ho antsika, dia nanao hoe, "Tsy fantatrao ve fa tsy maintsy manao ny asan'Ny Raiko Aho?"

68 Tsy mahagaga raha zavatra mahàlana ny Feon'Andriamanitra amin'izao andro izao. Sempotra Izy, amin'ny alàlan'ireo feo maro be samihafa, zavatra maro be izay manaloka sy manaisotra. Tonga eo amin'ny toerana iray izay manadonto ny saintsika izany, hany ka tsy afaka mihaino ny Feon'Andriamanitra isika. Ny saintsika, eo amin'izay tokony hanozongozonantsika ny tenantsika, ary mahafantatra fa lehilahy sy vehivavy ianareo, ary zava-boaharin'Andriamanitra, ary napetraka eto ianareo mba hanompo Azy. Fa ny feon'i Satana sy ireo mpaminany sandoka, "Oh, aoka ho moderina!"

69 Araka ny noteneniko andro vitsy lasa izay, nandeha nankany am-piangonana aho, dia nalefako ny radio-ko. Ary nandre fandaharana iray avy any Louisville aho, izay nilaza fa nampianatra ny zanany izy ireo, tao am-piangonana, mba hisotro araka ny antonony fotsiny. Ataovy moderina izy ireo, mba tsy handehanan'izy ireo ho tafahoatra.

70 Oh, mila mampianatra azy ireo an'i Kristy izy ireo, fa tsy misotro. Ary izany dia handrava sy hanimba ary hanozona ny tokantrano rehetra. Ahoana no ahafahan'ny Feon'Andriamanitra hiteny eo anivon'ny fianakaviana iray izay mamo tapany amin'ny whisky, ary malemy ny sain'izy ireo nohon'ny fifohana sy fisotroana, ary fanaranam-po mandritra ny alina manontolo?

71 Ny lehilahy izay miandry an'Andriamanitra, dia miditra ao amin'Ny Fanatrehany. Ary ny miditra ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra dia toy ny hoe mivoaka aloha be ny maraina, rehefa mamy avokoa ny ando sy ireo voninkazontantely. Rehefa miditra ao amin'ny fanatrehan'ny olona iray tahaka an'izany ianareo, dia fantatrareo fa efa niaraka tamin'Andriamanitra izy ireo.

72 Nilaza tamiko ny vadiko, teo am-pahatongavana, izao maraina izao. Hoy izy hoe, "Billy, tsy te-hilaza an'ity aho hitoraka voninkazo olona iray. Fa," hoy izy, "omaly hariva," mino aho, na iray tamin'ireo hariva, hoy izy hoe, "nipetraka teo akaikin'ny iray tamin'ireo vehivavy Amish kely aho, ary ramatoa kely iray nanao satroka kely teo amin'ny lohany." Hoy izy hoe, "Ary afaka niteny ianao fa efa niaraka tamin'i Jesosy io vehivavy io, satria mora fanahy izy. Nalemy ny fanahiny. Nazava ny masony." Tsy misy fahotana na inona na inona hafenina ao ambadika, na inona na inona. Efa tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy. Tsy donto ny sainy, tamin'ny alàlan'ny whisky sy paraky, ary ny karazan-javatra rehetra an'izao tontolo izao. Novelombelomina tao amin'ny

Fanatrehan'Andriamanitra izy, namaky ny Baiboliny, nianatra ny Tenin'Andriamanitra.

73 Saingy, isika Amerikana moderina, inona no ataontsika! Ary ireo mpaminany sandoka ao ambadiky ny polipitra dia milaza fa mety tsara izany. Somary te-hilaza an'ity aho. Raha diso aho, dia hamela ahy anie Andriamanitra. Resy lahatra aho fa betsaka amin'izy ireo no tsy mahafantatra an'Andriamanitra. Ary ny fiangonana dia tsy hiaina ambony kokoa noho ny pasiterany. Tsy mahagaga raha hoy ny Soratra hoe, "Ireo mpiandry ondry ireo, ahoana fa nahahak'izy ireo ny ondry! Lozan'izy ireo. Izy ireo no sampana izay tsy mitondra voa, izay hongotana ka hodorana."

74 Zavatra maro be no manadonto ny sain'ny olona amin'izao andro izao! Oh! Fa ao afovoan'izany rehetra izany, na dia eo aza ny fahadontoana rehetra sy ny feo rehetra eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao! Ny sasany amin'izy ireo, dia feon'ny fahafinaretana. Ny sasany amin'izy ireo dia—dia feon'ny fahotana, mba hitaona ny olona am-pitaka. Fa na dia eo aza ny kely tsirairay amin'izany, dia mbola mitoetra foana ny Fahamarinan'Andriamanitra, "Izay hihaino Ny Feoko ka hanaraka Ahy!" Lehilahy sy vehivavy izay hihaino ny Feon'Andriamanitra: Mbola miandry ny hiresaka amin'ny isambatan'olona tsirairay izay hanokatra ny sofiny hihaino ny Feon'Andriamanitra foana Andriamanitra.

75 Raha ny lehilahy iray, iza izy, ary pasitera . . . Imbetsaka, dia hoy ny olona hoe, "Tsy afaka hanao an'*ity* ve ianao? Tsy afaka hihazakazaka *eto* ve ianao? Tsy afaka hanao an'*ity* ve ianao?" Oh, tiako ny hanao an'izany. Saingy tsy maintsy mijanona eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra aho raha hanao an'ilay zavatra tsara. Noho izany dia hoy ny olona hoe, "Oh, Rahalahy Branham dia iray amin'ireo mpitoka-monina ireo." Tsy izany ilay izy. Tiako ny olona, fa misy an'arivony amin'izy ireo fotsiny. Saingy tsy maintsy mijanona miaraka Aminy aho, mba hahita an'izay Nasainy teneniko amin'izy ireo. Any ho any, henoy fotsiny, hanana zavatra ho anareo Izy, izay Tiany ho fantatrareo.

76 Ry pasitera, aza sahirana loatra ianao afa-tsy izay ahafahanao hijanonana eo amin'ny Fanatrehana sy mihaino Ny Feony. Mihazona Ny Teniny foana Andriamanitra. Ary tsy mampaninona na mety ho ratsy toy ny ahoana aza ireo fotoana, na impiry no mety ampianaran'ny fiangonanareo hanohitra an'izany, Jesosy Kristy dia mbola vonona ny hiresaka amin'io Feo malefaka io foana amin'ny olona rehetra izay hihaino Azy. Mbola vonona ny hanao an'izany foana Izy, raha manao ny tenantsika hipetraka tsara fotsiny isika.

77 Saingy mihazakazaka isika miditra, mikorontana, ka manao hoe, "Hono ho'aho, pasitera, afaka mikambana amin'ity fiangonana ity ve aho?"

"Avy amin'ny fiangonana inona ianao?"

"*Izao-sy-izao*."

"Eny, ento aty aminay ny taratasinao." Oh, oadray!

"Afaka mikambana amin'ity fiangonana ity ve aho?"

78 "Oh, eny. Mandrosoa, dia hamafy kely anao fotsiny izahay, amin'ny rano, ary hametraka ny anaranao eo amin'ilay boky. Ary mahazo ny tànana ankavanan'ny fiombonana ianao."

79 Eny, ny Fialofana Franc-maçon dia manana lamina tsaratsara kokoa noho izany. Marina izany. Ny Fialofana Franc-maçon sy ireo fialofana hafa rehetra dia mety tsara, saingy mbola tsy tranon'Andriamanitra foana izany. Ao no miresaka Andriamanitra. Ireo fialofana ireo dia miezaka ny hanao anareo ho tsara fitondran-tena, fa Andriamanitra kosa manao anareo ho marina amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, Ny Zanany. Ankehitriny, misy fehezan-dalàna an'ny etika amin'izany; Andriamanitra manana Fahateraham-baovao ho anareo.

80 Fa henoy Ny Feony malefaka. Ny tsirairay avy aminareo olona izay mitonona ho Kristiana, asaivo mipetraka tsara eo Anatrehany ny tenanareo. Aza mamela ny fanasan-damba hanakana. Aza mamela ny asa hanakana. Aza mamela na inona na inona hanakana. Aza mamela olona hahafantatra an'izay ataonareo. Mandehana eo Anatrehany fotsiny. Mitsangàna any anaty ala any ho any. Mivoaha eny amoron-dàlana. Midira ao amin'ny efitrano miafina ary hidio ny varavarana. Rehefa mandeha any an-tsekoly ireo ankizy, dia mandohaleha ao. Efa nandre an'ireo karazana feo rehetra ianareo hatraiza hatraiza, fa mandohaleha fotsiny ary mijanona eo mandra-pahanginan'ireo feo ireo ary manomboha miakatra. Hanova anareo Izany. Hanao anareo ho hafa Izany, tahaka ny Nataony tamin'ity Samoela kely ity. Hanao zavatra aminareo Izany raha hanao an'izany fotsiny ianareo. Ankehitriny, hanao anareo an'izay tokony haha-izy anareo Izany. Hanao anareo ho karazana Kristiana izay tokony haha-izy anareo Izany.

81 Ankehitriny dia ndao isika hiverina amin'ity andro moderina ity, hatrany amin'ny andro iray lasa. Ndao isika hiverina any amin'ireo andro tamin'ny fotoana tany aloha. Ary io Feon'Andriamanitra io dia tonga tamin'ny olona tao amin'ireo làlam-piainana rehetra, tamin'ny taona rehetra. Tsy mampaninona na mpamboly iray ianareo, na mpanao kiraro iray ianareo, na mety ho inona ianareo, dia mbola miteny foana Andriamanitra. Raha mpanota iray ianareo, raha mpivarotena iray ianareo, mpijangajanga, raha mamolava iray ianareo, raha ianareo no (inona?) mambram-piangonana eo an-toerana, ara-anarana—ara-anarana, na mety ho inona ianareo, dia mbola miandry hiresaka aminareo foana ny Feon'Andriamanitra.

82 Mieritreritra an'i Mosesy aho ankehitriny, fony izy efa valopolo taona, ary nanana valopolo taona an'ny fiofanana

ara-teolojia. Ary nahafantatra ny Soratra izy; fantany tsara Izy ireo. Ary nanana teny fikasana iray ho azy izy, hoe izy no ho mpanafaka ny olony. Saingy, kanefa, nahafantatra ny Soratra fotsiny ary dia ma—mambram-piangonana ara-pototra iray an'io fiangonana moderina io tamin'izany andro izany, noraisiny teny an-tànany manokana ilay zavatra ary niezaka nanao an'ilay izy. Namono Egyptiana iray izy. Hitanareo ve izay ataonareo raha tsy mihaino an'Andriamanitra? Akorontanareo fotsiny ilay izy.

83 Ary rehefa ny devoly, izao maraina izao, no hanao hoe, "Aza atao batisa ianao." Hoy ny iray hafa hoe, "Oh, ataovy izany any aoriana kely." Hoy ny anankiray, "Tsaratsara kokoa aminao ny mahazo antoka amin'izay ataonao." Ary hoy ny iray hafa hoe, "Hahavery fotoana tsara iray ianao." Ny fomba tokana handaminana an'izany, dia ny manatona ny Tenin'Andriamanitra miaraka amin'izany. Fa ny olona, amin'izao andro izao, dia toa tsy te-hanao an'izany.

84 Ary, Mosesy, efa tany amin'ireo raby tsara indrindra izy, saingy lasa ara-pototra sy nangatsiaka izy ireo. Efa nandre ny tantara izay notenenin'ny reniny taminy izy, hoe ahoana fa nafenina tao anatin'ireo alan-jozoro izy, ary ahoana fa tsy afaka nihazona azy ireo voay goavana. Ahoana fa, nitsingevana teo amin'io renirano io, io zaza kely io. Nefa ny . . .

85 Natavy mihitsy ireo voay antitra. (Ho an'ireo ankizy kely ity.) Natavy izy ireo, nohon'ny fihinanana an'ireo zaza kely ireo. Nanana vehivavy nifaingo-korona izy ireo, vehivavy polisy, tsy mbola nanana zazakely mihitsy, tsy nahafantatra hoe inona ny fitiavana zazakely iray. Nahoana, nandeha tany fotsiny izy ireo ary naka ka mamono an'ireo zaza kely ireo, ary manipy azy ireo tao anatin'ilay renirano. Natavy mihitsy ireo voay antitra ireo, tamin'ireo zaza kely ireo.

86 Ary, kanefa, napetrak'Andriamanitra tao am-pon'ilay reny ny hametraka ny zazakeliny ao amin'ny fahafatesana mihitsy. Tsy hitanareo ve fa tandindon'i Kristy izany? Niditra avy hatrany tao amin'ny fahafatesana Izy. Ary ny tsirairay avy tamin'ireo voay antitra dia nanatona an'io harona kely bitika nidina teo amin'ilay renirano io. Fantatrareo ve hoe nahoana izy ireo no tsy afaka nanao an'izany, nahoana izy ireo no tsy afaka nihinana an'io zaza kely io? Nisy Anjely iray nipetraka teo. "Mialà eto."

87 Nahoana? Omen'Andriamanitra baiko Ireo Anjeliny mba hiambina ny Olony. Aza matahotra ianao, malala. Miambina anao Andriamanitra. Mety miezaka hanao zavatra aminao ny devoly, fa lehibe kokoa Andriamanitra. Hitanao?

Noho izany, dia tsy maintsy mandositra nanalavitra an'io harona kely io ireo voay.

88 Ary, kanefa, fantatr'i Mosesy ireo zavatra rehetra ireo. Ary, kanefa, taorian'ny efapolo taonan'ny fiofanana, ary avy eo tany an-efitra, dia mbola niezaka naka an'ilay zavatra foana izy, teny an-tànany.

89 Fantatsika ny Baiboly, izay lazain'Andriamanitra hatao, kanefa hoy isika hoe, "Eny, ankehitriny, hataontsika ho tahaka an'*izao* Ity. Izany dia, izao fotsiny, efa tsy misy intsony ireo andron'ny fahagagana. Fantatsika fa isika dia tsy mino fa mahita azy ireny intsony, ary mino isika fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Ary ny famafazana dia tsara tahaka ny fanitrihana mihitsy. Ary 'Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina' dia tsara tahaka ny Anaran'ny Tompo Jesosy mihitsy. Ary noho izany fotsiny isika dia . . . Ny sisa amin'izy ireo dia mandeha amin'ity làlana ity, noho izany isika dia hanao an'izany fotsiny, ihany koa."

90 Efa lehilahy miaramila iray i Mosesy. Ary nihevitra izy fa araka ny fomba nanofanana azy, amin'ny maha-lehilahy miaramila iray, dia afaka hamono fotsiny an'ireo Egyptiana ireo amin'ny tànany izy. "Ho tsara mihitsy ny manao an'izay nataon'Andriamanitra." Efa mba nieritreritra an'izany ve ianareo? Ny olona rehetra dia manameloka an'i Mosesy nohon'ny namonoana lehilahy anankiray. Fa rehefa niverina tany izy niaraka tamin'ny hosotry ny Fanahy Masina ka namono an'ilay zavatra manontolo, dia tsy nisy olona nilaza na inona na inona mikasika an'izany. Novonoiny ny tafik'i Farao rehetra, fa Andriamanitra no tao anatin'izany. Tsy tao amin'ilay voalohany Andriamanitra.

91 Ary noho izany i Mosesy, nibontsina feno teolojiam-piangonana fotsiny, izy no ho farao manaraka. Ary hitantsika izy, fa mbola tsy nahafantatra an'Andriamanitra foana.

92 Fa indray maraina, tany ambadiky ny tany efitra, lehilahy antitra iray valopolo taona, ny volombavany nihantona nidina ambany, dia nahita roimemy nirehitra iray izy. Dia nivily izy mba hahita an'izay niseho. Ary rehefa nanakaiky an'ilay kirihitra izy, dia nandre Feo iray. Tsy maintsy nampangina azy nandritra ny efapolo taona Andriamanitra, talohan'ny Nahafahany hany niresaka taminy. Nefa isika tsy hijanona hangina folo minitra, mba ahafahan'Andriamanitra miresaka amintsika, miaraka amin'ny fitreromana sy fimenomenomana rehetra izay ananantsika amin'izao andro izao.

93 Kanefa, Mosesy, taorian'ny efapolo taona, dia nitsangana teo, ary tao amin'ny Fanatrehan'io kirihitra io. Ary io Feo anankiray izay niantso azy io, dia nahafantatra bebe kokoa mikasika an'Andriamanitra izy tao anatin'ny dimy minitra, taorian'izany, noho ireo valopolo taona rehetra an'ny fiofanana izay nampianatra azy. Nanao lehilahy iray hafa avy taminy izany.

94 Hanao anareo lehilahy iray sy vehivavy hafa avy aminareo izany, raha hijanona ela be fotsiny ianareo mba hihaino Ny Feony, tahaka ny nataon'i Samoela. Mipetraha tsara. Aza taitaitra. Raha mila zavatra avy amin'Andriamanitra ianareo, dia mangataha Aminy; avy eo dia mipetraha tsara ka mihainoa, jereo izay Holazainy mikasika an'izany. Sokafy fotsiny ny fonareo, manaova hoe, "Ahoana ny amin'izany, Tompo Jesosy?" Mijanòna eo fotsiny. Raha tsy mamaly Izy amin'ny adiny dimy voalohany, amin'izay fotoana izay dia miandrasa iray hafa. Raha tsy mamaly Izy androany, amin'izay fotoana izay dia hamaly Izy rahampitso. Raha tsy mamaly Izy amin'ity herinandro ity, dia hamaly Izy amin'ny herinandro manaraka. Mijanòna eo mandra-Pamaliny.

95 Henoy Ny Feony mamaly, ao am-ponareo, ka manao hoe, "Eny, Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Amin'izay fotoana izay dia tapitra izany rehetra izany. Afaka milamina ianareo amin'izay fotoana izay. Hitanareo? "Izaho no Tompo Izay mamela ny fahotanao rehetra. Mandehana ankehitriny ary aza manota intsony. Tsy manameloka anao Aho." Amin'izay fotoana izay dia afaka mandeha malalaka ianareo. Mety tsara ianareo. Saingy tokony hahazo antoka ianareo fa nandre an'io Feo io niresaka. Nandre an'Izany i Mosesy. Lehilahy iray niova izy.

96 Jereo Isaia, ilay mpaminany. Fony zazalahy tanora iray, dia efa nataony izany. Ilay Mpanjaka Ozia malaza nahita sitraka, tamin'izany andro izany, lehilahy marina iray, lehilahy tsara iray. Tiany i Isaia, satria fantany fa mpaminany iray izy. Ary noho izany dia niankina teo amin'ny sandrin'ilay mpanjaka fotsiny izy. Ny zavatra rehetra izay nilainy, nahoana, nomen'i Ozia azy izany. Ary isaky ny nila zavatra izy, nahoana, dia nomen'ilay mpanjaka tsara azy izany. Fa tonga ny fotoana iray izay nahafatesan'ilay mpanjaka.

97 Manimba ny olona foana ny fanambinana. Zavatra iray sarotra ho lazaina izany. Fa ny fanambinana no maka olona iray hanalavitra an'Andriamanitra. Miresaka Andriamanitra ao amin'ny toerana iray, ao amin'ny Baiboly, zavatra iray tahaka an'izao, ary hoy Izy hoe, "Rehefa nitahy anao Aho, ka nanome anao betsaka. Fony nahantra ianao ka tsy nanana na inona na inona, dia nanatona anao Aho, ka nihaino Ahy ianao ary nanompo Ahy. Fa rehefa nitahy anao Aho ka nanome anao betsaka, tamin'izay fotoana izay dia nanodina ny lohanao niala Tamiko ianao." Izany no nataon'i Amerika, nanodina ny lohany.

98 Izany no nataon'ireo fiangonana. Afaka mipetraka eny an-joron-dàlana ianareo, ary manana tranobe lehibe tsara tarehy, ary an-tapitrisany dolara isaky ny...napetraka tao anatin'izany, ary ny zavatra rehetra dia mora arak'izay mety haha-izy azy. Tsy mahagaga raha tsy manam-potoana hihainoana ny Feon'Andriamanitra ianareo. Fa andraso mandra-

pahatongan'ny ora izay hanesorana an'izany, amin'izay fotoana izay dia haniry fatratra ny hihaino an'Izany ianareo. Tsara ny zavatra rehetra ankehitriny, fa ho avy ny ora izay tsy hahatahaka an'izany azy intsony.

99 Noho izany, Isaia, afaka niankina tamin'ny sandrin'ilay mpanjaka izy. Ary lehilahy tanora iray nankasitrahana izy, ary fanahy tsara no tao amin'io lehilahy tanora io, noho izany dia tia azy ilay mpanjaka. Ary indray andro, dia nesorina niala teo ambaniny ireo fiankinana. Maty ilay mpanjaka. Ary rehefa maty ilay mpanjaka, dia tsy maintsy nandeha irery Isaia. Ary tamin'izay fotoana izay dia nanomboka nijery manodidina izy, ary hitany fa tsy mitovy amin'ilay mpanjaka ny olona rehetra.

100 Ho voaroaka ianareo, indray andro any, avy amin'ireo iraisan'ny anaram-piangonana tahaka an'ity ireo. Ho avy ny fotoana izay tsy maintsy hikambananareo amin'ny rafipandaminana iray, fa raha tsy izany dia tsy afaka hivavaka ianareo. Araka ny fantatrareo, ny Soratra no milaza fa hisy izany. Maneso anareo fotsiny izy ireo ankehitriny. Fa hisy fotoana iray izay hisian'ny fanilihana iray, satria tsy maintsy ho tonga ny mariky ny bibidia. Na ianareo hikambana amin'ilay kaonfederasionan'ny fiangonana, ilay bibidia tahaka ny any Roma, na ianareo tsy hivavaka mihitsy. Izany no lazain'ny Soratra. Amin'izany no tsy maintsy hiantsoantsoanareo tahaka ny nataon'i Isaia.

101 Ary nandeha nankao an-tempoly izy, ary tamin'izay fotoana izay izy vao nahalala. Natsangany ny tànany ka hoy izy hoe, "O Tompo, lehilahy maloto molotra aho." Mihevitra ianareo fa tsara, saingy andraso mandra-pahatongan'izany fotoana izany. "Monina eo anivon'ny olona maloto molotra aho." Inona no nataony? Namoy fo.

102 Ary rehefa mamoy fo amin'io zavatra io ianareo, dia hisy zavatra hiseho. Tsy mamoy fo betsaka ianareo. "Oh, eny, nikambana tamin'ny fiangonana aho. Milamina hatreo izany." Fa tsy maintsy mamoy fo amin'izany ianareo. Tsy maintsy mila an'Andriamanitra marina tokoa ianareo.

103 Hoy Jesosy hoe, "Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy ireo no hovokisana."

104 Fa raha mbola afa-po amin'ireo zavatr'izao tontolo izao foana ianareo, ahoana no ahafahan'Andriamanitra mba hiresaka aminareo? Hoy ianareo hoe, "Tsy niresaka tamiko mihitsy Andriamanitra." Nahoana? Te-hiresaka Izy. Fa ianareo no feno loatra an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Izany no olana amintsika amin'izao andro izao. Mametraka ny fotoantsika rehetra eo amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, sy ny fahafinaretan'izao tontolo izao isika, ka tsy manome fotoana ho an'Andriamanitra. Marina izany.

105 Ankehitriny, hitantsika fa namoy fo i Isaia. Ary niantsoantso mafy izy, ka niaiky ny fahotany, ary niaiky ny fahotan'ny olona. Rehefa nahavita niaiky izy, dia nandre tabataba iray teo amboniny. Ary rehefa niandrandra izy, dia nisy Kerobima teo, nanidina nandroso sy niverina nanerana ny tranobe. Elatra teo amin'ny Tavany, ary elatra teo amin'ny Tongony, ary nanidina tamin'ny elatra, niantsoantso hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha."

106 Nisy zavatra niseho. Namoy fo i Isaia. Tonga teo amin'ny asa Andriamanitra. Ary niantsoantso i Isaia hoe, "Maloto molotra aho," satria vao avy niteny ny Feo iray. Nanova azy Izany.

107 "Iza no handeha ho Anay?" hoy ilay Feo. "Iza no handeha? Iza no vonona hitsangana ao amin'ilay banga, eo anivon'io andiana teolojiana io? Iza no handeha amin'izao andro izao, ka hilaza fa mbola Andriamanitra foana Aho? Iza no handeha ka hanameloka ny fahalotoan'izy ireo? Iza no hanorotoro an'ireo antokom-pivavahan'izy ireo ka hanangana an'ireo herin'ilay Andriamanitra velona indray? Iza no handeha?"

108 Hoy Isaia hoe, "Tompo, alohan'ny ahafahako handeha, dia tsy maintsy ovaina aho." Tsy maintsy niala taminy ny sasany tamin'ireo tahotra kely sy fikorontanana ireo.

109 Ho toy izany koa ny isam-batan'olona tsirairay izay antsoin'Andriamanitra! Tsy maintsy ateraka indray ianareo, hovaina ary lasa vaovao. Tsy fisaintsainana; fa avy ao amponareo, dia misy zavatra izay miseho marina tokoa. Ary ny iray amin'ireo Anjely . . . "Raha mangataka ianareo, dia hahazo."

110 Nandeha nankeo amin'ny alitara varahina ny iray tamin'ireo Anjely, ary naka tandra dia naninji-tànana ka naka vain'Afo mirehitra, ary nihazakazaka nanatona an'i Isaia ka nametraka an'izany tao am-bavany. Hoy Izy, "Madio ianao ankehitriny. Mandehana, teneno ny Teny." Niova i Isaia taorian'ny nandrenesany an'io Feo io.

111 Avy eo tao amin'ireo taonany farany, dia nanoratra Baiboly feno iray izy. Nanomboka tao amin'ny Genesisy izy ary nifarana tao amin'ny Apokalypsy. Misy Boky enina amby enimpolo ao amin'ny Baiboly; misy toko enina amby enimpolo ao amin'ny Isaia. Nahoana? Satria namoy fo izy, tamin'ny fotoana izay nahitany fa tena nilaina indrindra Izany.

112 Daniela, tany Babylona, araka ny niresahantsika mikasika azy omaly hariva. Efa ninia tao am-pony izy fa tsy handoto ny tenany tamin'ireo foto-pampianarana Babyloniana. Fa indray andro, tany, dia nanana ilaina i Daniela. Ary fantany fa tehandre ny Feon'Andriamanitra izy, kanefa nanana ny Soratra izy. Saingy nila nandre ny Feon'Andriamanitra izy. Dia nidina nankany amin'ny renirano *izao* izy. Ary tsy nidina teo fotsiny izy ka nametraka ny kalesiny ary nandohalika tao anatin'ireo zozoro, ka nanao hoe, "Tompo Andriamanitra, te-handre Anao

aho. Aiza Ianao?" Tsia. Tsy tahaka an'izany no anaovanareo azy. Nitondra ny kalesiny Isaia, sy ireo mpamily, ary nidina nankeo amin'ilay renirano izy ka nandefa azy ireo niverina. Hijanona izy mandra-pandrenesany. Izany ilay fanao. Namoy fo tamin'izany izy.

113 Tsy maintsy niala lavitra an'ireo miaramila rehetra izy, sy ireo mpandinika habakabaka rehetra, ary ireo olon-kendry, ireo dokoteran'ny teolojia rehetra, sy ny sisa, izay niezaka niteny taminy hoe, "Ity! Ataovy *ity*, ry Daniela. Ataovy *ity*, ry Daniela." Fa niala lavitra tamin'izany rehetra izany izy. Tahaka an'izany no tokony hataonareo. Dia nidina nankeo amin'ilay renirano izy, ary nijanona teo nandritry ny iraika amby roapolo andro, nitolona tamin'ilay Anjelin'ny Tompo.

114 Saingy nilazana isika fa nijery ny teo ambonin'ny rano izy. Nahita Anjely iray nitsangana izy teo, niaraka tamin'ny Tongony teo ambonin'ny tany sy ny ranomasina. Ary nanangana ny Tànany ka nianiana tamin'Izay velona mandrakizay mandrakizay hoe, "Rehefa miseho ireo zavatra izay hitan'i Daniela ireo, dia tsy hisy andro intsony." Efa nohazonina iraika amby roapolo andro Izy nohon'ny faharatsian'ny firenena.

115 Ary raha nohazonina iraika amby roa-polo andro Izy nohon'ny faharatsian'io firenena io, tamin'ny andron'i Persia, dia ho inona Izy amin'izao andro izao? Hafiriana Izy no mety hazonina? Fa io finoana tsy mety maty io, io hanoanana sy ny faniriana ao am-pon'ny olombelona io, izay tsy hanao tsia ho an'Andriamanitra, fa hifikitra mandra-pitenenan'Andriamanitra avy any An-danitra. Tsy afaka milalao an'ity ianareo, an'ity Filazantsara ity. Tsy hilalaovina izany. Tsy maintsy mahavoa an'ilay fantsika be loha izany, impolo amin'ny folo. Tsy maintsy tanteraka izany, raha tsy izany dia tsy marina izany ary tsy hety. Tsy maintsy tanteraka izany. Nivavaka i Daniela.

116 Hitantsika ao amin'ny Baiboly, ao amin'ny toko faha-8 eo, toko faha-7 na faha-8-n'ny Bokin'ny Asa, ilay, nanao ny tenany ho Fariseo, kely iray amin'ny anarana hoe Saoly. Oh, teolojiana iray izy, eny àry. Nipetraka teo ambanin'ny fampianaran'i Gamaliela izy ary nanana ny Soratra rehetra, voalahatra tsara araka ny tokony ho izy, arak'ireo teolojiana tamin'izany andro izany, oh, nahavita tena sy nanao ny tenany. Ary nahita olona nanao zavatra izay ara-panahy izy, nefa ny teolojiany nataon'olona dia tsy nifanaraka tamin'Izany.

117 Mirazotra iray an'izao andro izao toy ny inona! Mahitsy fo sy tso-po ao am-pony, tahaka ny olona maro, mihevitra izy ireo fa adala ny olona izay nateraka indray. Mihevitra izy ireo fa ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra sy ireo herin'ny Fanahy Masina dia zavatra izay *resahan*'izy ireo, nefa marina ilay izy.

118 Noho izany rehefa teny amin'ny làlany nankany Damaskosy izy, indray andro, miaraka amin'ny baiko sasany tao ampaosiny, avy tamin'ilay—avy tamin'ilay evekan'ny fiangonana, mba handeha ka handringana an'io andiana holy-rollers rehetra izay niantsoantso sy nihiakiaka io, sy—sy mitsambikina ambony-sy-ambany, sy miteny amin'ny fiteny vahiny, ary—ary manasitrana ny marary. "Ary, nahoana, andian-devoly izany," hoy ireo teolojiana. "Mandehana ary sambory izy ireo, ary ento miverina eto miaraka amin'ny rojo izy ireo!"

119 "Azo antoka. Araka ny baikonao, eveka!" Oh, oadray! Oh, lehilahy malaza iray izy. Izy dia nanana D.D., Ph. D., fantatrareo. Noho izany dia nitsambikina teo amin'ny soavaliny izy, ary lasa izy, niaraka tamin'ny antoko iray niaraka taminy.

120 Fa teny amin'ny làlany, teo amin'ny mitataovovonana, dia nisy Zavatra nanjera azy tamin'ny tany. Ary nihosinkosina tao amin'ny vovoka tahaka ny lehilahy adala iray izy, nivoaka faroratra. Ary nandre Feo iray izy nanao hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Inona Izany? Tsy teolojiana iray no niresaka taminy, fa Feo iray avy any An-danitra, "Nahoana ianao no manenjika Ahy?"

121 Dia nivadibadika teo amin'ny vovoka izy, ary feno vovoka ny volomasony, ary ranomaso no nikoriana teo amin'ny takolany, angamba, hoy Izy hoe, "Tompo, Iza moa Ianao?" Ary raha nanjelatra ny masony, dia lasa jamba tahaka ny ramanavy izy.

122 Nitsangana teo anatrehany ilay Andry Afo goavana, ary nisy Feo iray avy tao amin'Izany nanao hoe, "Izaho no Jesosy Izay enjehinao. Diso ny fampianaranao nataon'olona." Inona izany? Nisy fahitana niseho, lasa tena nisy ny Tenin'Andriamanitra.

123 Oh, rahalahy, izany no ilaintsika amin'izao andro izao, dia ny sasany tahaka an'izany.

124 Te-hisaotra ny Tompo fotsiny aho. Ireto zazavavy kely ireto, tao amin'ny seza misy kodiarana omaly hariva, tonga, mandeha androany, ary tsy miaraka amin'ny seza misy kodiarana, noho izany dia mandeha izy ireo. Ah-hah. Ny Tompo hitahy anareo, ry zazavavy, mipetraka eo. Inona no nataon'izany? Ilay Jesosy iray ihany izay niteny tao amin'ilay Feo ivelan'ny voajanahary tany aoriana tany, dia mbola miteny amin'izao andro izao.

125 "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Lehilahy iray niova i Saoly.

126 Ary tokony hiova ny olona amin'izao andro izao rehefa afaka mahita sy mandre ny Feon'ilay Andriamanitra velona izy ireo miteny tahaka ny Nataony fony Izy nandeha tany Galilia. Oh, azo antoka!

127 "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Inona no nataon'izany? Nitondra azy nankany amin'ny seminera iray ve Izy ka nampianatra azy teolojia vaovao iray? Tsia, tsy nanao

Izy. Inona no Nataony? Niresaka taminy Izy, ary nisy Feo arabakiteny iray niteny tamin'ny alàlan'ny Rahona iray. Inona izany? Ilay Andriamanitra iray ihany izay nampikotroka teo amin'ny Tendrombohitra Sinay.

128 Ao amin'ireo fivoriana, ao amin'ireo toerana izay ahatongavan'ny Fanahy Masina, dia mandre feon'olombelona iray miova ianareo. Ary zara raha mahafantatra, ny ABD-ny, saingy afaka mandray an'io feo io Kristy ka mamoaka an'ireo zava-miafin'ilay Andriamanitra Tsitoha. Tokony hanova ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay izay mipetraka eo amin'Ny Fanatrehany izany. . .?. . . "Nandre Feo iray aho," hoy izy. Oh, tena rendremana isika. Manantena aho fa izany dia tsy, tsy mila hatao mazava kokoa noho izany. Fa tena rendremana isika ao amin'ny fiangonantsika, ao amin'ny teolojiantsika, ao amin'ny fisainantsika, ary ao amin'ny fomba fiainantsika, hany ka diso amin'ny fandrenesana an'io Feo io isika rehefa miteny Izy.

129 "Oh," hoy izy ireo, "mety ho fifandraisana ara-tsaina izany. Izany dia mety, fantatrareo, mety ho *ity, itsy,* na ny *hafa*."

130 Ahoana moa raha ho nilaza i Mosesy hoe, "Hono ho'aho, manontany raha demony iray no tao io anatin'io kirihitra io?" Hah! Tsy nisy fanontaniana tamin'i Mosesy, nandre an'ilay Feo izy.

131 Raha hoy ianareo hoe, "Oh, mety ho ny fieritreretako fotsiny no miteny an'izany amiko."

132 Raha zanak'Andriamanitra ianareo, dia ho fantatrareo fa Ny Feony izany. "Ny Ondriko mihaino Ny Feoko. Ny Ondriko mihaino Ny Feoko." Hahafantatra izy ireo.

133 Ary nisy iray hafa, amin'ny anarana hoe Petera, izay efa lasa voavonjy, ary efa feno ny Fanahy koa. Ary mbola te-hifikitra amin'ny fombafomban'ireo loholona foana izy. Ny hany fantany, dia izay tato amin'ny Teny eto. Ary indray andro, teo an-tampontrano, rehefa te-hitandrina an'ireo fombafomba izy ny amin'ny hoe, "Aza hena. . .mihinana ny hena rehetra, sy ireo sabata, sy ny sisa." Olona tsara maro no mbola miezaka mifikitra eo amin'izany karazan-javatra izany.

134 Ary indray andro raha teo an-tampon-trano izy, dia nandre Feo iray izay nanao hoe, "Ianao aza miantso an'izay efa Nodioviko hoe, 'maloto.'"

135 Andriamanitra, maniry aho ny Hakàny andiana mpitory teny ato amin'ity lohasaha eto ity, ka hamela azy ireo hahafantatra fa tsy adala isika, tsy holy-rollers isika, andiampako. Izany no Fanahin'Andriamanitra velona. Ary ny lehilahy sy ny vehivavy dia mamon'ny Fahatsarany. Tsy mosavy na fifandraisana ara-tsaina izany. Izany no Fanahin'Andriamanitra velona. Miendaha amin'ny fombafombanareo, ry loholona, ary henoy ny Feon'ilay Andriamanitra velona. Hanova anareo Izany. Tsy ho lasa anankiray amin'ireo mpanenjika ianareo. Te-ho

isan'izy ireo ianareo. Raha afaka hihoatra an'ireo sakan'ny foto-pampianaranareo rehetra ianareo, mandra-pahafahanareo hitsingevana ao amin'Ny Fanatrehany any, dia hisy zavatra hiseho. Tsy hino ianareo fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Hino ianareo fa eto mihitsy izy ireo, satria hatao aminareo ny anankiray, azo antoka, mba hanova lehilahy iray. Izany foana no ataon'ny Feon'Andriamanitra. Manova lehilahy sy vehivavy Izany ary manao azy ireo an'izay tokony haha-izy azy ireo; tsy izay nataon'ireo sekoly sy ireo mpampianatra, fa izay nanamboaran'Andriamanitra azy ireo.

Ilay Feo, miteny! "Nandre Feo iray aho."

136 Oh, toy ny ahoana no hitiavako ny hiditra amin'ireo fahatsapako manokana. Ary toy ny ahoana no hitiavanareo handeha eo amin'ireo fijoroana vavolombelona manokana, maro aminareo lehilahy sy vehivavy izay efa nandre Ny Feony.

137 Ary tsaroako ny nandre an'Izany fony aho mbola zazalahy kely iray fotsiny, tany amin'ireo tendrombohitr'i Kentucky. Ary nihevitra aho fa vorona iray nipetraka teo ambonin'ny hazo iray Izany, saingy nanidina ilay vorona. Hoy Izy hoe, "Aza matahotra, satria hiala eto ianao indray andro any, ary hipetraka any akaikin'ny tanàna iray antsoina hoe New Albany." Nandre Ny Feony aho rehefa nilaza Izy hoe, "Aza mifoka, na misotro, na mandoto ny tenanao amin'ny vehivavy sy ny sisa. Misy asa iray hataonao rehefa lehibe ianao."

138 Oh, mbola ilay Tompo Andriamanitra tsy miova foana Izy. Ary mandre Azy ianareo, isan'ora, miresaka aminareo ao amin'ny efitrano bitika kelinareo, ao amin'ny efitra fivavahanareo. Tonga eo anatrehan'ny mpanatrika, avy eo dia miteny miseho eo amin'ny olona. Ny Feon'Andriamanitra, nahàlana Izany tamin'ny andron'i Samoela. Mahàlana kokoa izany amin'izao andro izao. Satria, tsy nisy fahitana niseho.

139 Nandre an'ilay Feo i Petera, ary Izany no nanova ny teolojiany rehetra. Nandeha nankany amin'ireo Jentilisa avy hatrany izy, izay noheveriny ho andiana tsy mahay mamaky teny voaroaka. Saingy, ny Feon'Andriamanitra, fa tsy ny fampianarany, ny Feon'ilay Andriamanitra velona no nanova azy.

140 Ary anankiray amboniny fotsiny ankehitriny. Nisy lehilahy tsara iray, indray mandeha, ao amin'ny Baiboly. Nahafantatra manokana an'i Jesosy, izay tia Azy, sy nino Azy, sy nivavaka Taminy, sy nilalao niaraka Taminy, sy nandeha tany amin'ireo havoana niaraka Taminy, ary nidina nankeny amin'ny renirano, nanjono niaraka Taminy. Lehilahy tsara iray izy. Indray andro, raha mbola lasa Jesosy, dia tonga nangalatra tao amin'ny efitranony ny fahafatesana.

141 Ary niala tamin'ilay fiangonana ortodoksa tranainy izy, izy sy ireo anabaviny maha-te-ho tia, Marta sy Maria. Ary nivoaka

izy ireo satria tia Azy, ary nino Azy ho ny Mesia. Ary tamin'ny fanaovana an'izany, dia noroahin'ny fiangonana haingana izy ireo.

142 Ary tena narary ity lehilahy tanora ity hany ka maty izy, ary efa nalevina, efatra andro. Inona no soa hataon'ireo fampianarana ara-teolojia arak'izany? Inona no soa ataon'ny fiangonany arak'izany? Fa nisy ny Feon'Andriamanitra, teto antany, ary niresaka tamin'i Lazarosy Izy. Ary Lazarosy, lehilahy iray izay efa maty sy lò tao am-pasana, dia nandre Ny Feony, ka nivoaka ary velona indray.

143 Efa maty indray mandeha aho, tao amin'ny fahotana sy heloka. Efa maty tao amin'ny fahotana sy ny heloka ianareo. Fa ny Feon'Andriamanitra no nanao hoe, "Mankanesa atỳ Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, Izaho no hanome anareo fitsaharana."

144 Efa nahita an'ilay Feo niteny tamin'ny kilemaina aho, nampahitsy azy. Efa nahita an'ilay Feon'Andriamanitra niteny tamin'ny jamba aho, ary lasa nahiratra ny masony. Tamin'ireo teo am-pahafatesana, lanin'ny homamiadana, tamin'ny boka, nahita azy ireo niverina tao amin'ny nofo, tao amin'ny fahasalamana tanteraka indray. Efa nahita Azy niresaka tamin'ireo alikaolika aho, sy marary saina, sy ireo voaroaka, ary ilay andiana mpirenireny, ka lasa ramatoa sy lehilahy mihaja izy ireo, ary olo-masin'Andriamanitra velona, satria niteny ny Feon'Andriamanitra. Izany no henointsika, androany.

145 Avelao aho hamarana amin'ny filazana an'izao. Ho avy ny andro, izay hanesorana ny fanahinareo mirenireny hiala amin'ny vatanareo, ka any amin'ny fitodiany any ho any izy, mirenireny any na ao anatin'ny aizina, na eo an-tratran'Andriamanitra. Hiteny indray io Feo io. Ary ny Baiboly dia nilaza, hoe, "Ireo rehetra ao am-pasana dia handre Ny Feony, ka hivoaka. Ny sasany ho lasa any amin'ny henatra sy latsa mandrakizay. Ary ireo hafa handeha hankao amin'ny fiadanana sy fifaliana mandrakizay."

146 Izao maraina izao no mety ho fotoana hanapahanareo hevitra, na hihaino izay lazain'ny televiziona ianareo, na izay lazain'ny gazety, na izay lazain'ireo teolojiana, na izay lazain'Andriamanitra. Mamelà ahy hiteny aminareo, amin'ny maha-vahoaka iray. Aza mihaino an'izay lazain'ny zavatra rehetra, fa izay lazain'Andriamanitra. Miandrasa an'io Feo kely, malefaka io, dia hanova anareo Izy.

147 Hoy ianareo hoe, "Te-hino aho, Rahalahy Branham. Maniry aho mba ho afaka hino. Maniry aho mba ho afaka hanao zavatra sasany." Saingy tsy afaka ianareo. Nahoana? Tsy mipetraka tsara ela ianareo. Tsy tonga ao amin'ny toerana iray misy an'ireo—ireo fisalasalana rehetra lasa ianareo.

148 Rehefa miditra ao amin'ny toerana izay nialan'ireo fisalasalana ianareo, amin'izay fotoana izay dia ho afaka ianareo, ary afaka handre ny Feon'Andriamanitra miteny. "Ry Zanako, Izaho no Mpamonjy anao. Ry Zanako, Izaho no mpanasitrana anao. Tsy voatery hanao an'ireo zavatra ireo ianao. Maty Aho mba ahafahanao ho afaka. Fa raha mbola eto ambany eto foana ianao ao anatin'io hovitrovitra io, mifangaro amin'ny karazana feo rehetra, dia mialà lavitra azy rehetra ireo."

149 Mampahatsiahy ahy fotoana iray izany izay nisy ahy tany an-tendrombohitra fahiny. Ary tsy hohadinoiko mihitsy ireo fahatsapana ireo. Ary teto teo amin'ny folo taona lasa izay, na saiky izany, nanampy an'Atoa. Jefferies teo amin'ny famoriam-biby aho, ary rehefa nitondra sira izy ireo teo ambonin'ireo soavaly. Ary nentiko teo amin'ny filelafana sasany izy ireo mba ahafahako mametraka azy ireo, izay hahafantaran'ny biby fiompy hahatongavana. Tany lavitra tany, fitopolo maily, saiky, miala amin'ny fandrosoana. Na, ny tiako lazaina, teo amin'ny telopolo maily, dimy amby telopolo, angamba efapolo maily, hatrany Kremmling, Colorado, izay ahatongavanareo ao amin'ny tanàna kely iray misy mponina eo amin'ny olona fito na valonjato eo. Ary nanana ny soavaliko aho, ary navoakako ireo kitapo, nanala entana. Ary izahay dia mijery an'ilay, mitady ny biby fiompy amin'ny alàlan'ireo masolavitra. Ary efa nofatorako teo amin'ny rantsan-kazo iray ny soavaliko, ary ireo kalesy fitaterana taoriany, izany hoe, ilay soavaly, ilay soavaly mitondra valonana no eo aloha, ary niakatra teo amin'ny havoana aho, ary tena tsara ny andro, lohataona tamin'izany, ary nijery ny teny ampitan'ireo lohasaha aho, nandinika an'ireo alon-drano kely, teny lavidavitra, ary raha nandinika aho, teo afovoan'ny tolakandro izany, dia nahita zavatra izay nanaitra ahy aho.

150 Nahita reny antitra iray aho naka an'ireo zazakeliny avy tao amin'ny akaniny, voromahery antitra iray. Ary nanidintsidina teo ambonin'izy ireo izy mandra-pandrainy azy ireo teo ambonin'ny elany. Ary efa nivoaka ny akaniny izy ireo tany aloha. Fa nampidina azy ireo nankao amin'ilay lohasaha izy. Mbola tsy tao mihitsy izy ireo tany aloha. Nianatra nanidina fotsiny izy ireo. Noho izany, napetrany teo izy ireo. Ary nandehandeha izy ireo, nitsindroka teo amin'ny ahitra, ary nifanosika, tsy manahiahy fotsiny araka izay naha-izy azy ireo. Ary raha mbola nipetraka teo aho, dia nieritreritra hoe, "Ankehitriny, tsy mitovy amin'ny vondrona iray an'ny tena Kristiana, mino ve io! Tsy manahiahy izy ireo." Nahoana izy ireo no tsy nanahiahy? Tsy nila natahotra na inona na inona izy ireo, satria niverina avy hatrany i mama ary nipetraka teo ambonin'ny vatolampy iray, mba hiambina azy ireo. Oh! Manova an'ilay izy fotsiny izany.

151 Rehefa manomboka mieritreritra ianareo hoe, “Inona no ho eritreretin’i Pasitera *Ranona-sy-ranona* raha sendra mahazo ny Fanahy Masina aho? Inona no holazain’ny Eveka *Ranona-sy-ranona*?” Tsy ahoako izay lazain’izy ireo.

152 Maty Jesosy, ary niakatra teo amin’ireo mandan’ny Voninahitra Izy, ary mipetraka ao amin’ireo lanitry ny lanitra Izy. Tsy misy na inona na inona hanelingelina anareo. Ny Masony dia eo amin’ny tsintsina, ary fantatro fa miambina ahy Izy, ary miambina anareo Izy.

153 Noho izany rehefa tonga eo, raha ho tonga eo ny alikadia iray, na zavatra iray hanelingelina ny anankiray amin’ireo madinika ireo, nahoana, izy. . . Tsaratsara kokoa amin’izy ireo ny tsy ho tonga. Afaka maka alikadia iray eo an-tànany izy, eo amin’ny tongony, hitondra azy hiakatra any amin’ny dian-tongotra arivo maro ka mamotsotra azy fotsiny. Hiparitaka eny amin’ny habakabaka izy. Tsy misy na inona na inona hanelingelina an’ireo madinika ireo. Ho hitany izany.

154 Tsy misy na inona na inona hanelingelina anareo. Aza matahotra ny handray an’Andriamanitra amin’Ny Teniny. Makà aina fotsiny, ary manàna finoana, ka minoa. Miambina anareo Izy. Haparitany ny zavatra rehetra izay miezaka hanelingelina anareo. Oh, mety hanafika anareo izany, saingy tsy afaka handratra anareo. “Satria ny zavatra rehetra,” Izy no mamela an’izany. Tsy mety ho zavatra hafa izany, “Satria izany dia miara-miasa hahasoa, an’ireo izay tia ny Tompo.” Tsy misy ratsy afaka hanatona anareo.

155 Ary noho izany, afaka kelikely, dia tonga ny tafio-drivotra. Ary rehefa nanomboka ny tafio-drivotra, dia tonga haingana izany, ireo avy any avaratra, tselatra kely iray dia tonga io rivotra io, enimpolo na fitopolo maily isan’ora. Ary namoaka hiakiaka goavana be io renim-boromahery antitra io, ary nandeha nanerana an’ilay lohasaha izy. Ary io hiakiaka io, inona no nataon’izany? Fantatr’ireo voromahery kely ny feon’ny renin’izy ireo.

“Ny Ondriko mahalala Ny Feoko,” hoy Izy.

156 Antomotra ny loza. Ankehitriny, tsy nanandrana ny hiafina tao ambanin’ireo vatan-kazo izy ireo. Tsy nanandrana nihazakazaka nankao amin’ny karazana antontam-pako izy ireo. Niandry an’i mama fotsiny izy ireo.

157 Izany no tokony hataon’ny Kristiana; jereo izay hataon’Andriamanitra mikasika an’izany.

158 Ary rehefa ny—nipetraka teo amin’ny tany ilay reny antitra, ireo tongotra goavana be saiky tahaka an’*izao,* dia nisosa nidina fotsiny tahaka ny fiaramanidina goavambe iray nipetraka izy. Dia nampakatra ny lohany teny amin’ny rivotra izy ka nikiakiaka, ary namelatra an’ireo elatra goavana, teo amin’ny efatra ambin’ny folo dian-tongotra, manomboka

amin'ny tendrony ka hatramin'ny tendrony, ny sakany tahaka ny manomboka amin'*ity* andry ity ka hatramin'*itsy* anankiray itsy. Nihazakazaka haingana arak'izay vitany mihitsy ireo voromahery kely rehetra ireo, ary nitsambikina avy hatrany teo amin'ny elatry ny mamany. Nanakatra avy hatrany ary namikitra tamin'ireo tongony kely, naka an'ireo vava keliny, ary namikitra tamin'ny iray tamin'ireo volom-borona mafy tao ireo. Nentin'i mama fotsiny izy ireo, tsy nisy hovitrovitra an'ireo elatra ireo, ary niakatra tao anatin'io rivotra io. Nandeha avy hatrany nankao amin'ireo vatolampy izy, mba hanafina azy ireo tamin'ilay tafio-drivotra izay tonga.

159 Oh, rahalahy, antomotra ilay tafio-drivotra. Henoy Ny Feony. Miantso anareo Izany hoe, "Mivoaha avy ao Babylona. Misaraha. Aza mandray anjara amin'ny azy, ny fahotan'izy ireo. Handray anareo Aho. Ianareo ho zanakalahy sy zanakavavy ho Ahy. Izaho ho Andriamanitra aminareo."

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny, eo ampamaranana. [Manome faminaniana ny rahalahy iray—Mpand.]

160 Amena. Henonareo izany. Izany no antsointsika hoe faminaniana ao amin'ny fiangonana.

161 Hisy sasany ve eto izao maraina izao, izay fantatro fa misy, izay hanao hoe, "Tompo Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Na dia efa nikambana tamin'ny fiangonana aza aho, nanao fiaikena iray aho, saingy izaho—tsy fantatro hoe inona ny atao hoe mipetraka tsara eo Anatrehanao, sy mihaino Ny Feonao mitarika ahy ary mampianatra ahy. Tsy ho fantatro izay hatao raha hiteny amiko amin'ny Feo azo renesina Ianao. Te-hahafantatra Anao aho, mba Ahafahanao miresaka amiko sy mitarika ny làlako"? Hanangana ny tànanareo ve ianareo izao ankehitriny izao ka hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo"? Ny Tompo hitahy anareo, hatraiza hatraiza, hatraiza hatraiza ireo tànana. Manohiza fotsiny manangana azy ireo. Marina izany. "Tompo, mamindrà fo amiko. Mila Anao betsaka mihitsy aho." Mbola hisy sasany ve alohan'ny hamaranana mihitsy? Andriamanitra no mahita ny tànanao ery aoriana ery, ramatoa, ary ianareo rehetra eny aoriana, ary mitsangana eo amin'ireo laharana sy ny sisa. Mahita anareo Andriamanitra, na dia eto amin'ny lampihazo aza, manodidina eto.

Ary hoy i Samoela hoe, "Ely, niantso ahy ve ianao?"

Hoy i Ely hoe, "Tsia, ry zanako, tsy niantso anao mihitsy aho."

162 Tsy izaho no niteny tamin'ny fonareo, ry sakaiza. Andriamanitra izany. Mamalia fotsiny ka manaova hoe, "Mihaino ny Mpanomponao. Ary raiso ao amin'ny Fiahianao aho, androany, Andriamanitra. Avelao aho, manomboka amin'ity andro ity, ho Anao manontolo."

163 Andriamanitra Mandrakizay, tia ny fanahy, Mpamorona ny zavatra rehetra, raha mbola io Feon'Andriamanitra malefaka kely izay niteny tamin'i Samoela io, izay niteny tamin'i Saoly, izay niteny tamin'i Petera, izay niteny tamin'i Daniela, sy Isaia mpaminany, ary ny rehetra nanerana an'ireo taona, no niteny indray izao maraina izao tato amin'ny tabernakla. Angamba mety ho telopolo, na efapolo, na angamba tànana dimampolo, an'ireo mpanota sy mambram-piangonana, ary ny olona miaraka amin'ny fikorontanan-tsaina, no nanangana ny tànany. Maro amin'izy ireo no teto omaly hariva, ary nandre Ny Feonao lasa azo renesina izy ireo. Ary ankehitriny, izao maraina izao, io Feo iray io ihany no miteny ao amin'ny halalin'ny fon'izy ireo. Nanangana ny tànany izy ireo, niaraka tamin'ny tànany nankany amin'ny Lanitra, nilaza fa diso izy ireo, ary te-hahitsy izy ireo.

164 Efa nilaza Ianao tao amin'Ny Teninao, hoe, "Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no mitaona azy aloha. Ary izay rehetra hanatona, dia Izaho no hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay. Ary hanangana azy amin'ny andro farany."

165 Ianao no nampanantena an'izany, Ray. Ankehitriny dia miantso Anao izahay, amin'ny maha-Mpanomponao, mba hanome ho an'ireo izay nanangana ny tànany, Fiainana Mandrakizay sy fifaliana Mandrakizay. Ary enga anie izy ireo hiaina ho Anao, amin'ny androm-piainany rehetra. Ary eo amin'ny faran'ny làlan'ny diam-piainana, dia hiditra amin'ny fifalian'ny Tompo. Ekeo izany, Ray. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy sy nohon'ny amin'i Jesosy izahay. Amena.

166 Firy aminareo no tia Azy amin'ny fonareo rehetra, amin'ny fonareo rehetra mihitsy? Ankehitriny, any amin'ireo toerana kely eto tahaka an'ity . . . Tara fotsiny aho. Fa ny Baiboly dia nilaza, hoe, "Miara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy isika." Tonga ny Fanahy Masina, miditra ao amin'ny Teny, midina manerana ny mpanatrika, ary afaka mandinika an'Izany fotsiny ianareo rehefa mandeha eo ambonin'izy ireo Izany, manova azy ireo.

167 Araka ny efa nolazaiko, dia mino ny fientanam-po aho. Azo antoka. Saingy, ianareo, inona . . . Hitanareo, tsy manova anareo ny fientanam-po. Tsy maintsy miditra ao anaty ny fientanam-po mandra-pikasiny ny fitondran-tenan'ny vatanareo. Izany no manova anareo avy amin'ny mpanota . . .

168 Inona ny mpanota iray? Tsi-mpino. Misy olona maro amin'izao andro izao, miaraka amin'ny—ny diplaoma iray an'ny Bakalorean'ny Literatiora, manana diplaoman'ny dokotera, miaraka amin'ny Ph. D., ary L. roa D. eo amin'ny anaran'izy ireo, nefa mbola mpanota foana. Mahafantatra ny Baiboly manomboka amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy, mitory teny eo amin'ny polipitra, nefa mbola mpi- . . . tsi-mpino

foana. Hoy ny Baiboly hoe, "Izay tsy mino dia efa voaheloka sahady."

169 Anontanio ny anankiray amin'ireo olona ireo raha mino izy ireo fa ho an'izao andro izao ny Fanahy Masina. "Nahoana, tsia tokoa." Mino ve ianao fa izany ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra? "Nahoana, tsia tokoa." Noho izany dia tsimpino iray izy. Marina izany. Raha ao anatinareo ny Fanahy Masina, dia tsy hanambara Ny Teniny manokana ve Izy? Ary raha ny fanahy izay ao anatinareo no manambara mifanohitra amin'izay lazain'Andriamanitra fa marina, dia tsy ny Fanahin'i Kristy izany. Mety mikambana amin'ny fiangonan'i Kristy ianareo, fa tsy an'i Kristy ianareo raha tsy manao "amena" amin'ny teny fikasana tsirairay izay nataon'Andriamanitra ny fanahinareo. Ary rehefa nampanantena Izy . . .

170 Nilaza i Petera, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, hoy izy hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina." Ary raha milaza ny fanahinareo fa ho an'ny andro hafa izany . . . Inona no nolazain'ny Soratra? "Fa ny teny fikasana dia ho anareo," ny Jiosy, "sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra," ny Jentilisa, "arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika." Ilay teny fikasana iray ihany.

171 Hoy Izy hoe, "Izaho no Voaloboka, ianareo no sampany." Ary raha izany no Foto-pampianaran'ny sampana, sampana voalohany, dia tsy maintsy manana an'ilay Foto-pampianarana iray ihany ilay sampana faharoa. Ary ilay Foto-pampianarana iray ihany no hamokatra an'ireo vokatra iray ihany. Ary rehefa tonga eo amin'ny Voaloboka ny sampana tsirairay, dia hamokatra an'ilay zavatra iray ihany izany. Faly aho, izao maraina izao, tena faly aho fa mahafantatra fa ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona dia mbola miresaka sy miteny amin'ny olona foana, ary manamarina Ny Teniny.

172 Hiditra amin'ny fotoan'ny batisa isika ao anatin'ny fotoana fohy. Raha efa nofafazana ianareo, nandrarahana, na nasitrika tamin'ny fomba rehetra afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, dia asaina ianareo ho tonga eo amin'ny rano.

173 Hoy ianareo ankehitriny hoe, "Rahalahy Branham, te-hiteny amiko ve ianao?" Eny, rahalahy.

174 Tsy famafazana no notenenin'ny Baiboly. Tsy misy toerana ao amin'ny Baiboly izay hany namafazana olona iray. Tsarovy izany ankehitriny. Nangataka aho teto amin'ity birao ity, ny herinandro manontolo. Tadiavo ho ahy hoe taiza no nisy olona anankiray ao amin'ny Baiboly hany nofafazana ho an'ny famelàna ny fahotan'izy ireo, hany nandrarahana ho an'ny famelàna ny fahotan'izy ireo, na hany natao batisa tamin'ny alàlan'ny fanitrihana tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy

Masina" ho an'ny famelàna ny fahotan'izy ireo. Tsy mbola nisy olona iray hany nofafazana, nandrarahana na natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," ao amin'ny fonosan'ny Baiboly manontolo. Tsia, tompoko. Izy ireo dia . . .

175 Nisy olona sasany nataon'i Jaona Mpanao-batisa batisa indray mandeha, fa tsy natao batisa tamin'ny anarana iray mihitsy izy ireo, ary nataon'ilay lehilahy iray ihany izay nanao batisa an'i Jesosy batisa izy ireo. Fa i Paoly, rehefa nihaona tamin'izy ireo izy ao amin'ny Asa 19, dia niteny tamin'izy ireo fa tsy maintsy tonga izy ireo ka averina hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raha tsy izany dia tsy mbola afaka handray ny Fanahy Masina izy ireo.

176 Rehefa nahita ny sasany izay nandray ny Fanahy Masina i Petera talohan'ny nanaovana batisa azy ireo mihitsy, dia nandidy azy ireo izy ary nijanona niaraka tamin'izy ireo mandra-panao batisa azy ireo tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Marina izany, ry sakaiza.

177 Fantatro fa olona betsaka no manao hoe, "Ankehitriny, Rahalahy Branham dia Jesosy Irery iray." Diso izany.

178 Mino ny Soratra fotsiny aho. Tsy mikambana amin'ny anaram-piangonana iray aho. Ary Jesosy Irery dia tsy manao batisa tahaka an'izany, na ahoana na ahoana. Manao batisa fotsiny izy ireo, ny Anaran'i "Jesosy." Hoy ny Baiboly hoe, "Jesosy Kristy Tompo." Misy maro ireo Jesosy, fa anankiray ihany no Jesosy Kristy Tompo. Hitanareo? Hitanareo? Kristy no Mesia. Hitanareo? Ary marina izany.

179 Ary ankehitriny, ry sakaiza, ankehitriny, ianareo izay eto izao maraina izao, ka tsy mbola natao batisa tahaka an'izany mihitsy ianareo, dia enga anie ny Feon'Andriamanitra malefaka kely hiteny ao amin'ny halalin'ny fanahinareo. Ary tsy mampaninona izay lazain'ny eveka, izay fiangonana, izay lazain'ny zavatra hafa rehetra, tongava ka ankatoavy ny Tompo, izany no didiko ho anareo.

180 Ary, ankehitriny, handeha hankao amin'*ity* efitra ity Rahalahy Neville, mba hiomana ho amin'ny fotoan'ny batisa. Ary ireo izay—izay manomana an'ireo zavatra, ny sasany amin'ireo loholona dia handeha hiaraka amiko. Hiaraka aminareo ao aho, afaka iray minitra fotsiny.

181 Fa tiako ireo izay tonga ankehitriny, rehefa hihira isika hoe, "Afaka mandre ny Mpamonjiko miantso aho." "Handeha hiaraka Aminy aho. Tsy mampaninona izay fiangonana, handeha hiaraka Aminy aho. Tsy mampaninona izay olona iray, handeha hiaraka Aminy hatrany aho." Aoka ireo—ireo lehilahy hanao ny làlany mankao amin'*ity* efitra ity, ary ireo vehivavy hanao ny làlany mankao amin'*ity* efitra ity, raha mihira isika ankehitriny. Avy eo isika dia hirava, amin'ny fomba ofisialy, ao

anatin'ny fotoana fohy ankehitriny. Eny àry. Ny rehetra miaraka ankehitriny.

Afaka mandre ny Mpamonjiko miantso aho,

182 Ankehitriny, ireo lehilahy mandehana *eto*, ny vehivavy *eto*.

. . . Ny Mpamonjiko . . .

Ny sasany amin'ireo vehivavy midira *eto* miaraka amin'ireto vehivavy ireto, azafady.

Afaka mandre ny Mpamonjiko aho . . .

Inona no renareo? Ny Feony.

"Ento ny Hazo fijaliako, ka manaraha, manaraha Ahy."

Na aiza Izy . . . (Ankehitriny dia matotra amin'izany marina tokoa ve ianareo?) . . . hanaraka aho,
Na aiza Hitarihany ahy dia hanaraka aho,
Na aiza Hitarihany ahy dia hanaraka aho,
Handeha hiaraka Aminy aho, hiaraka Aminy hatrany.

183 Ankehitriny, araka ny ilazako an'izany, ry sakaiza, nandre Feo iray aho. Ary raha tsy niteny araka ny Feon'Andriamanitra ny Feo, *Eto*, dia feo tsy izy izany. Fa, "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko."

184 Ahoana no ahafahanareo ho tonga? Ity ilay antony ahatongavanareo. Dia satria, "Ny anaranareo dia napetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Ny Baiboly no niteny an'izany. Eritrereto ny olona iray izay mipetraka ary mahafantatra fa izany no Fahamarinan'ny Filazantsara, kanefa misy zavatra mihazona azy ireo, mahafantatra angamba fa tsy napetraka eo ny anaran'izy ireo. Dia ahoana?

"Foana ny ivavahan'izy ireo Amiko." Hitanareo, "Foana."

185 "Oh," hoy ianareo, "lehilahy mahatoky iray aho. Mahatoky iray aho . . . " Tsy misy idiran'io amin'izany.

186 "Foana ny ivavahan'izy ireo Amiko, mampianatra didin'olona ho foto-pampianarana."

187 Efa niteny taminareo aho, fa tsy misy olona nofafazana, nandrarahana, na natao batisa, tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" ao amin'ny Baiboly. Karohy Izany. Tadiavo izany. Raha misy izany, dia avia asehoy ahy, eto amin'ny lampihazo rahariva. Noho izany, raha tahaka an'izany no nanaovana anareo, dia manaraka fombafomban'olona ianareo.

188 Ary raha miteny aminareo ny olona iray hoe, "Eny, manatòna ianao ary ataovy ny fiaikenao, dia mandray ny Fanahy Masina ianao amin'izay fotoana izay." Diso izany. Foto-pampianarana nataon'olona izany.

189 Misy ny batisan'ny rano sandoka. Misy ny batisan'ny Fanahy Masina sandoka. Maka tahaka an'Izany ny devoly satria mpivavaka izy. Kaina, ny rainy dia mpivavaka, araka ny efa nandalovantsika an'izany. Mbola manohy mandroso foana ny taranaky ny menarana. Ary ny Taranaky ny vehivavy, amin'ny alàlan'i Kristy, dia mbola manohy mandroso foana.

"Fa, tsy misy olona afaka manatona raha tsy Ny Raiko no mitaona azy."

190 Ankehitriny eritrereto ny sasany mipetraka eto, izao maraina izao, izay mahafantatra fa natao batisa sandoka ianareo, tamin'ny fanekem-pinoan'olona, fa tsy araka ny Baiboly, ary diso ny fahaterahan'ny fiaikenareo voalohany. Ahoana no ahafahanareo mba ho marina, raha tsy miverina ianareo ary manomboka tsara? Tsaroanareo, tamin'ity herinandro ity, dia nitory aho hoe: *Tsy Tahaka An'Izany Ny Tany Amin'Ny Voalohany*.

191 Ankehitriny, ary raha afaka mandre Feo iray miresaka aminareo ianareo, dia Andriamanitra izany, satria mifanaraka amin'ny Soratra Izany. Raha tsy izany, dia misy karazana feo diso iray miteny aminareo. Fa ilay Feo marina dia hiteny aminareo mba hanaraka an'ireo fitsipiky ny Baiboly; tsy misy famafazana, tsy misy fandrarahana, tsy misy sandoka. Tongava avy hatrany ka araho ireo fitsipiky ny Baiboly.

192 Ataovy izany, ry sakaiza, raha nila ny zavatra rehetra izany. Tsy ahoako izay ho vidin'izany, hapetrako eny amin'ny ilany ny zavatra rehetra, mba hanarahana ny Tompo Jesosy.

193 "Henoy Ny Feoko. Ny Ondriko hihaino, ka hanatona Ahy. Ary izay rehetra hanatona Ahy, Izaho no hanome azy ireo Fiainana mandrakizay, ary hanangana azy amin'ny andro farany." Marina ve izany?

194 Eto izany, araka ny Soratra mihitsy. Tsy misy afaka hanohitra an'Izany. Marina Izany. Tsy misy afaka hanohitra an'Izany. Eto izany, ao amin'ny Herin'ny Fanahy, manao an'ireo zavatra iray ihany izay nataon'i Jesosy. *Indro* Izy, eo amin'ny sary, ilay Andry Afo iray ihany, mihetsika, ireo voa iray ihany, Fanahy iray ihany, manana an'ilay fientanam-po iray ihany, asa iray ihany, famantarana iray ihany, fahagagana iray ihany. Eo ianareo izao. Henoy ny Feon'Andriamanitra izao maraina izao.

Ary hoy ilay Feo hoe, "Samoela."

195 Hoy izy, "Eny, Tompo. Eny, Tompo. Inty aho. Inty ny Mpanomponao. Inty ny Mpanomponao. Hanaraka aho."

Andriamanitra hitahy an'ilay ramatoa. "Izaho dia . . ."

196 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, ataonao tena mafy izany." Ny tiako lazaina dia ny hahatonga azy ho mafy. Eo anelanelan'ny Fiainana sy ny fahafatesana izany, noho izany dia

tsy maintsy ataoko mafy ilay izy. Homba anareo anie ny Tompo, izany no fivavako tso-po.

197 Ankehitriny, alohan'ny hamindrana ny fanaka an'ny tranobe eto, mba hananana ny. . . mba ahafahanareo hahita ny batisa. Ny toerana dia misokatra amin'ny fotoana rehetra. Te-hamaky vitsivitsy aho, avy hatrany avy ao amin'ny Soratra, mba hahitanareo fa izaho dia—mamaky aho.

198 Jesosy Kristy, ao amin'ny toko faha-16-n'ny Masindahy Matio, mino aho, dia niteny tamin'i Petera hoe, "Omeko anao ireo fanalahidin'ny Fanjakan'ny Lanitra. Na inona na inona fehezinao ety an-tany, dia Hofeheziko any An-danitra; na inona na inona vahanao ety an-tany, dia Hovahako any An-danitra." Fantatrareo rehetra ve izany?

199 Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa tonga tamin'ny fahafenoan'Ny Heriny ny Fanjakan'Andriamanitra, mino an'izany ve ianareo? Petera, nitsangana. Ankehitriny, rehefa nitsangana tamin'ny maty Jesosy, tsy nanana an'ireo fanalahidin'ny Fanjakana Izy. Marina ve izany? ["Amena."] Nanana an'ireo fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo Izy, fa tsy ireo fanalahidin'ny Fanjakana. Ary izao no nolazainy rehefa nitory teny izy, ary nihaino an'ireo zavatra ireo izy ireo, ary efa nanamafy ny fony. Izao marina tokoa no nolazain'i Petera.

200 Henoy tsara ankehitriny raha mamaky ny Soratra aho, mba hahazoanareo. Asa, ny toko faha-2. Tsarovy. Firy no teto nihaino an'ilay toriteny hoe, *Tsy Tahaka An'Izany Ny Tany Amin'ny Voalohany*? Ndao isika hiverina any amin'ny voalohany ka hahita hoe inona ny batisa, manao batisa marina tokoa. Ahoana no tokony hanaovana batisa antsika? Nofafazana, norarahana, sa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina"?

201 Tsarovy, efa nihaika ny mpitoriteny rehetra aho, ny eveka rehetra, ny olona rehetra, na taiza na taiza, tamin'ny fotoana rehetra, mba haneho amiko Soratra anankiray izay nisy olona iray hany nofafazana, norarahana, na natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Misokatra izany. Tsy ao amin'ny Soratra izany. Tsia.

202 Fanekem-pinoana sandoka, namboarina izany, natomboky ny fiangonana Katolika. Ny famafazana dia noforonin'ny fiangonana Katolika, teo amin'ny eninjato taona taorian'ny fahafatesan'ilay mpianatra farany. Ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" dia namboarina tamin'ilay fotoana iray ihany, satria mivavaka amin'ireo andriamanitra samihafa ny vahoaka Katolika, ary nanao ny trinite an'ireo asan'Andriamanitra izy ireo. Tsy hoe Andriamanitra telo; Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Mpanompo sampy izany.

203 Andriamanitra anankiray no misy. "Aza manana andriamanitra hafa eo Anatrehako." "Henoy, O ry Isiraely, Izaho no Tompo Andriamanitrareo, Andriamanitra anankiray."

204 Nanontany anay ilay Jiosy hoe, “Iza no Andriamanitrareo; ny Ray, Zanaka, sa ny Fanahy Masina?”

205 Anankiray amin’izy ireo ihany no misy. Asa telo izay iasan’ilay Andriamanitra iray ihany izany, maneho ny Tenany.

206 Voalohany, ao amin’ny Ray, tsy azo nokasihana. Nihantona teo an-tendrombohitra; ny ombivavy iray aza na biby izay nikasika an’ilay tendrombohitra, dia tsy maintsy novonoina.

207 Avy eo dia nidina Izy, satria te-hivavahana Izy. Nanatona ny olona akaiky kokoa Izy, satria lasa Zanak’olona Izy. Tao Aminy Andriamanitra.

208 Ary rehefa nanao an’izany Izy, tamin’izay fotoana izay dia hoy Izy hoe, “Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Kanefa, ianareo no hahita Ahy, satria Izaho,” mpisolo anarana, “Izaho homba anareo, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin’ny fahataperan’izao tontolo izao.” Hoy Izy, “Avy tamin’Andriamanitra Aho.” Inona? Ilay Andry Afo. “Miverina any amin’Andriamanitra Aho.” Nanao ve Izy? Nanao Izy. Ary avy eo rehefa nanao an’izany Izy, dia niverina tany amin’Andriamanitra Izy.

209 Avy eo dia mahita an’i Paoly isika, ao amin’ny lesontsika izao maraina izao, teny amin’ny làlany hankany Damaskosy. Ary nahita an’i Paoly teny an-dàlana Izy. Ary nanjera azy Izy. Ary rehefa niandrandra i Paoly, dia inona Izy? Ilay Andry Afo indray, Hazavana iray izay nanajamba ny masony.

210 Jereo izay nataon’i Jesosy fony Izy teto an-tany, ary niteny tamin’ilay vehivavy an’ireo fahotany, nanao an’ireo zavatra rehetra ireo. Ary hoy Izy, “Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray no maneho Amiko aloha.”

211 Nanontany Azy izy ireo, nanao hoe, “Nahoana Ianao no tsy mandeha any ka manasitrana an’ireo olona any ireo?” Nitety vahoaka betsaka, izay mandringa, malemy, jamba, ary kilemaina. Nanasitrana lehilahy iray voan’ny aretin’ny prostaty Izy, na zavatra iray, nandry teo ambonin’ny palety iray. Hoy izy ireo, “Nahoana Ianao no tsy manao ho an’ilay andiany manontolo amin’izy ireo?”

212 Hoy Izy hoe, “Marina tokoa, marina tokoa . . . ” Masindahy Jaona 5:19, ankehitriny, “Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, ny Zanaka dia tsy afaka manao na inona na inona amin’ny Tenany; fa izay Hitany ataon’ny Ray, no ataon’ny Zanaka.”

213 Indro Izy tonga indray, amin’izao andro farany izao. Tsy afaka manameloka an’izany ny tontolo siantifika. Tsy afaka manameloka an’izany ny fiangonana. Indro izany, miverena avy hatrany ao amin’ny fiangonana ary manao an’ilay zavatra iray ihany. Ny Fanahy! Andriamanitra dia mila an’ireo izay hivavaka amin’ny Fanahy sy ny Fahamarinana. Indro Izy.

214 Izao no Nolazainy tamin'ny Andron'ny Pentekosta, nitory teny i Petera.

> *Iny Jesosy iny* dia *natsangan'Andriamanitra,* izay misy…izahay rehetra no *vavolombelona.* (Vavolombelona ve isika?)
>
> Noho izany *rehefa nasandratra* teo *an-tànana ankavanan'Andriamanitra,…rehefa nandray tamin'ny Ray ny teny fikasan'ny Fanahy Masina, dia nampilatsaka an'izao izy, izay hita*nareo *sy renareo ankehitriny.*
>
> *Fa tsy Davida no niakatra tany…*an-danitra: *fa izy ihany no* nilaza *hoe, Ny Tompo no nilaza tamin'ny Tompoko hoe, Mipetraha eo an-tànako ankavanana ianao,*
>
> *Mandra-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.*
>
> *Koa aoka ho fantatry ny taranak'Isiraely rehetra marimarina, fa Andriamanitra* dia *nanao an'iny Jesosy iray iny ihany, izay nohomboa*nareo, *ho Tompo sy Kristy.*
>
> *Ankehitriny rehefa nandre an'izany izy ireo,* (ireo olona mpivavaka izany) *rehefa nandre an'izany izy ireo, dia voatsindrona tao am-pony, ary hoy* izy ireo *tamin'i Petera sy…sy ny sisa tamin'ireo apostoly hoe, Ry lehilahy sy rahalahy, inona no hataonay?*

215 Handeha fotsiny ve izahay ka ho tsara fanahy? Tsia, tsia. Tandremo, ry Petera, ianao no manana an'ireo fanalahidin'ny Fanjakana ankehitriny. "Izay teneninao amin'izy ireo," hoy Andriamanitra, "dia Hidiko izany any An-danitra rehefa idinao izany eto an-tany."

> *Hoy Petera tamin'izy ireo hoe, Mibebaha,* ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa *amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary* ianareo *handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*
>
> *Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'*ireo izay lavitra *be, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika.*

216 Soratra iray amboniny. Roa amby telopolo taona taorian'izany, Paoly, eto ao amin'ny toko faha-19.

> *Nitety ny morontsiraka ambony i Paoly* an'i… *Efesosy:* mahita *mpianatra sasany* izy,
>
> Ary *hoy izy tamin'izy ireo hoe, Efa noraisi*nareo *ve ny Fanahy Masina, fony vao nino* ianareo?

217 Ry Batista, aoka hilentika ao anatinareo izany. "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?" Fahaterahana iray izany, fa tsy fiaikena iray.

> . . . *Tsy* fantatray fa *misy ny Fanahy Masina*.
>
> *Ary hoy izy hoe . . . Ho amin'ny inona . . .* no *nanaovana batisa* anareo arak'izany? Efa natao batisa izy ireo, *Ho amin'i Jaona . . .*
>
> Hoy Paoly tamin'izy ireo hoe, *Jaona dia nanao batisa marina tokoa . . .* ho amin'ny *fibebahana,* (fa tsy ho an'ny famelàna ny fahotana), ho amin'ny *fibebahana, nilaza . . . fa* ianareo *dia tokony hino azy* izay ho *avy . . . izany hoe, an'i* Jesosy Kristy.
>
> Ary *rehefa nandre an'izany izy ireo, dia natao batisa tamin'ny anaran'i Jesosy* Kristy *Tompo*.
>
> . . . ary Paoly *nametraka ny tànany teo amin'izy ireo,* dia *tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina; ary izy ireo* niteny tamin'ny *fiteny tsy fantatra, ary* nankalaza an'Andriamanitra.

218 Ankehitriny dia mamelà ahy hitondra anareo, Paoly, eo ampamaranana ny epistiliny, Galatiana 1:8.

> . . . *na izahay aza, na anjely iray avy any an-danitra, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay* efa renareo, *dia aoka izy ho* voaozona aminareo.

219 Afaka hitondra anareo ao amin'ny Korintiana koa aho, ny toko faha-14, andininy faha-38, izay Izao no voalaza.

> *Raha misy olona* mitonona *ho* ara-panahy, na mpaminany iray, *dia aoka ho fantany fa . . .* izay *soratako aminareo dia didin'ny Tompo*.
>
> *Fa raha tsy mahalala* izy, *dia avelao* fotsiny *izy tsy hahalala*.

220 Inona no hataontsika mikasika an'izany? Ny porofo tsirairay . . . Raha izaho no teo amin'ny toeranareo, ka tsy natao batisa araka ny batisa Kristiana, tsy mampaninona izay noeritreretin'ny fiangonako, na izay noeritreretin'ny reniko, tiako ho fantatra hoe inona no didian'ny Tompoko.

221 Tompo Jesosy, Anao izany ankehitriny. Ary mivavaka aho mba Hiasanao eo amin'ny fo tsirairay. Ary omeo an'ireto, izay ao anatin'ny dobo mba hatao batisa ireto, ny Fanahy Masina, raha miandry Anao izy ireo. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ametrahanay ny vahoaka Aminao, ka amin'izany Andro izany, Tompo, dia enga anie aho tsy ho meloka, fa ho afaka amin'ny ràn'ny olona rehetra; tsy mitsangana eo amin'ny fombafomba iray, na anaram-piangonana iray, na rafi-pandaminana iray, fa amin'ny fitsanganana eo amin'Ny Teninao. Amena.

58-1005M Henoy Ny Feony
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org